FETIN'NY 26 JONA 4

# HO HENTITRA NY FIAROVANA NY FILOHAM-PIRENENA MANDRITRA NY MATSO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7602 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Sabotsy 24 jona 2023


MADAGASIKARA 63 TAONA NAHALEO TENA 8

# 13 NY FILOHAM-PANJAKANA, 1 NISY NAMONO, 5 NAONGANA NA NOTERENA HIALA, 1 NIALA









MARINA IZANY ! 6

## MITOMBO ISA... !

FANANTENANA FAFI-V




## NANAMPY IREO TOKAN-TRANO MAREFO 9

MARC RAVALOMANANA 6

## NAVERINA AN-DAKA-ZERY IREO MPIAMBINA MANOKANA AZY

"A VOUS LA PAROLE"
RAKOTONDRABE ROMUALD
(COACH RÔRÔ) 11

## "MISOKATRA AMIN'NY OLON-DREHETRA NY TENAKO"



CNaPS 10

## NOTANANA AM-PONJA NY TALE JENERALY VONJIMAIKA







Basket - " Mondial U19 "

# Vonona anohitra ny Bekintana ny Ankoay




**Vonona tanteraka hifanandrina amin'ny U.S.A ny ekipantsika !**

Hanomboka androany ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 2 jolay 2023 ny fifaninanana amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny basket-ball andiany faha-5, eo amin'ny sokajy latsaky ny 19 taona, izay tanterahina any Debrecen (Hongrie). Hiaka-tsehatra voalohany ny ekipam-pirenentsika Malagasy anio tolakandro (1 ora 30 mn/ Canal+19), ka hifandona aminy ao anatin'ny vondrona B ny ekipam-pirenen'i Etazonia, izay efa nandrombaka ny amboara teo amin'ity sokajy ity inefatra. Ho an'ny mpandinika ny taranja basket-ball dia mbola apetrany ho "favoris" hatrany ny Bekintana, noho ny fananany an'ireo mpilalao manan-talenta maro amin'ny filalaovana baolina loranjy. Voalaza fa mpilalao efatra amin-dry Tad Boyle ihany no mirefy 190 sm, kanefa matanjaka sy manan-talenta amin'ny fiangaliana basket-ball avokoa izy rehetra. Resin'ny Malagasy izy izany amin'ny resaka halavana, satria ny mpilalaontsika valo mirahalahy dia mihoatra ny 190 sm avokoa, dia i M'Madi Mathias (18 taona/198 sm/Poste. 1) – Rakotonanahary Landric Donovan (19 taona / 202 sm / P.2.3), izay efa nilaza mazava fa azo resena tsara ny U.S.A, noho ny fahitany azy tany Etazonia, fa miankina amin'ny herijika sy ny tanjaka ary ny fahaiza-miaraky ny mpilalao eny ambony kianja sisa – Tovolalaina Mariano Sylvain (19 taona/198 sm/ P.3) – Raolompanatena Thesbon Sydney (18 taona/ 198 sm/P.3.4) – Rabibisoa Jerry Pepin (19 taona/199 sm/ P.3.4) – Tsihindiny Laurent Tahintsoa O'Neal (18 taona/ 197 sm/P.4.5) – Andriantsiferana Mirando Levala (19 taona/197 sm/P.4.5) - Andriatsarafara Lovasoa Ny Aina (Kapiteny/19 taona/ 205 sm/P.5). Ny ambiny efatra kosa dia manodidina ny 180 sm, izay azo lazaina fa tsy ratsy amin'ny filalaovana an'ity taranja ity, ary mety amin'ny toerana ametrahana azy ny halavany, dia i Emmanuel Yves Victorien Léon (19 taona/179 sm/P.1.2) – Heritiana Fabrizio Mickaël (18 taona/185 sm/P.1.2) – Randimbiarivelo Rino (18 taona/179 sm/P.2) – Be Richcard (19 taona/ 188 sm/P.2.3). Ny teti-dalao entin'i Randria Aimé "Mémé" sy Razazarohavana Malalatiana, miatrika ny mpifanandrina amintsika, dia ny fanamafisana ny fiarovantena, ary miainga amin'ny valim-panafihana haingana, kanefa tsy nataony ambaninjavatra ihany koa ny fahaizana mitifi-davitra, izay matetika lesoka ho an'ny mpilalao Malagasy. Nahomby izany tetika izany tamin'ny lalao fanomanantena sy fitsapana nataon'ny Ankoay, teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, niatrika ny ekipan'ny "N1A" maromaro. Mbola nahitany fahombiazana ihany koa izany tany Serbie, nanaovana ny fampivondronana sy lalao fanomanantena farany, mialoha ny ny nihazoana an'i Hongrie tamin'ny alatsinainy teo. Resin-dry Lovasoa sy ny namany tamin'ny isa 85 no ho 80 mantsy ny Club Vizuran Academy latsaky ny 20 taona. Tahaka izao kosa ny fandaharan-dalao manaraka : Alahady 25/06 (08 ora 30 mn) : Madagasikara # Liban ; Talata 27/06 (4 ora ) : Madagasikara# Slovenie

**aris rafaly**

## Any Ivelany

Tahaka izao ny laharan'ireo ekipam-pirenena 13 amin'ny baolina kitra, nisalotra anaram-boninahitra betsaka indrindra tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena nandraisany anjara, izay hanjakan'ny firenena any Amerika Latina ny laharana efatra voalohany. Ekipa anankiray ihany kosa ny firenena afrikanina dia i Egypte, izay tafiditra amin'ny laharana faha-7, ary anankiroa kosa ny any Océanie dia Australie sy Nouvelle Zélande : 1. Argentine (in-21) - 2.Uruguay (19) - 3.Bresil(18) - 4.Mexique (12) - 5.Allemagne(8) - 6.France (8) - 7.Egypte (7)- 8Etazonia (7)-9.Italie (6)-10.Cameroun (5)-11.Australie (5)- 12.Espagne (5) -13.Nouvelle Zelande (5).

Kitra - Tompondaka OPL 2022/2023

# Hangotraka ny lalao manasa-dàlana miverina

Tsontsori-mamba isarahana farany ho an'ireo ekipa efatra tafita amin'ny lalao manasa-dàlana miverina amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2022/2023 amin'ny "*Orange Pro League*" izao faran'ny herinandro izao, mialoha ny hankalazana ny faha-63 taona nahazoana ny fahaleovantena amin'ny alatsinainy. Ho tanterahina anio tolakandro eny amin'ny kianjan'i Mahitsy Ambohidratrimo ny fihaonana eo amin'ny COSFA Analamanga sy ny AS Fanalamanga Alaotra Mangoro, izay nisaraka ady sahala tany amin'ny kianja Barikadimy Toamasina tamin' ny tapa-bolana lasa izay. Raha ny tombatomban'ny mpanaraka OPL, dia mety hanana herijika amin'ny fandresena ho azony ny ekipan'ny miaramila. Tsy atoroa vonjo hadiana amin'ny filalaovana eto Antananarivo kosa anefa ny mpilalaon'ny ASF, satria ny ankamaroany dia nanatevin-daharana ny ekipan'Analamanga avokoa. Any amin'ny kianja Rabemananjara Mahajanga indray, dia hanala vela tamin'ny faharesena nianjafy taminy, teny amin'ny kianjan'ny Elgeco Plus By-Pass, ny AJESAIA Bongolava. Tombony ho an'ny Fosa Junior Boeny nandresy azy tamin'ny isa 3 no ho 1 anefa ny fananany elanelan'isa maro tamin'ny lalao manara-dàlana mandroso iny, ary azo veroka fa homba azy koa mpijery baolina kitran'i Mahajanga.

**aris rafaly**

#samymalagasy



Zo fototra mahaolona ny fananana zompirenena.

Maro ny vehivavy, ny ankizy ary ny olona manana fahasembanana tratran'ny fanavakavahana anatin'ny lalàna mifehy ny zompirenena malagasy. Ny fizakana zompirenena anefa no ahafahana misitraka ireo zo fototra toy ny miaina an-kahalalana, manohy fianarana ambony ary miasa.

Fotoana izao hitondrana vahaolana ho azy ireo.

www.assemblee-nationale.mg/code-nationalite

UNHCR
The UN Refugee Agency

GCL 532/4-4

## Tsaroako ilay"...

Hary (Mr Razafy )

# Tapaka ny jiro teo am-piakarana sehatra

*Hary, mpihira ao MR Razafy nanomboka tamin'ny taona 1983 ka hatramin'izao. Izy no mpandahatra ny programan'ny tarika ; ny fihetsiketsehana eny ambony sehatra, mampiakanjo indrindra ireo andriambavilanitra hiaka-tsehatra satria atao mifanaraka ny fitafiana sy ny hira. Araka izany, mila azy satria izy maharaka lamaody. Ny programma ato ho ato : mikasa hamerina ny fampisehoana ny 60 taona sy tsiaro an'i Mamy, araka ny fangatahan'ny be sy ny maro. Hanohy izany any ampita ary efa hanomboka izao ny any Antsirabe. Avelantsika eo iny, fa hitantara fahatsiarovany aloha i Hary izao :*

**Tsy mahazo mijery filma mahamenatra**

Tia mihira hatramin'ny fahazazany ny fianakavian'i Hary sy Mamy. Fialambolin'izy 3 mianaka (dadany, Mamy, Hary) no mampiara-peo rehefa ao an-trano. Ny dadany mitendry ny harmonia fa izy mirahavavy kosa, miangaly ny hiran'i Vola sy Noro ; Voahirana sy Nivo ary ny hiran'i Abda. Anisan'ny fahatsiarovany tamin'izany ihany koa ny fandraran'ny dadany azy ireo tsy hitaingina moto, fa vehivavy tsy maontina hono ny mitaingina ireny moto ireny. Voarara ihany koa izy ireo tsy hamonjy fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahan'ny namany na koa toerana fandihizan'ny tanora (Boom no fiantsoana azy taloha) izany. Rehefa mandeha manao vakansy aza tsy mandeha irery izany fa tsy maintsy miaraka amin'i Dada sy Mama foana. Torak'izany ihany koa, rehefa mirava ny sekoly, tsy maintsy mody



haingaina fa tsy mahazo mitaritarika amin'ny namana. Rehefa ao an-trano indray, tsy mahazo mijery horonantsarimihetsika mahamenatra fa fady. Ary ny farany, anisan' ny fahatsiarovana fahazaza, ny fohazin'i Mamanay vao maraina be rehefa fety ny andro na miari-tory mamita « surjet » fa be zaitra be izy. « *Hany ka tena tsy tia manjaitra intsony izaho hatramin' izao* », hoy izy.

**Nikoizan'ny olona fa mihaingo be**

Ny tany am-pianarana indray : «Izaho tany am-pianarana dia voatoraka ny lakire foana fa be tabataba. Tao Antsirabe izahay no mipetraka ary ao sekoly Garbit izaho no nianatra. Ny dadanay niasa tao amin'ny Lapan'ny Tanàna. Rehefa mitabataba be izaho dia tezitra ny mpampianatra voaroaka mivoaka any ivelany. Tonga izaho dia makany amin'i Dadanay. Dia bedin'ny dadanay ilay mpampianatra fa hoe : « *maninona ny zanako alefanao aty. Raha voadonan' ny fiara dia ahoana?* ». Mahazo naoty ambony izaho fa voakapokan'ny Dadanay fa misy fanamarihana hoe « mpitabataba ». Fa ny zavatra tena nahafinaritra ahy kosa dia nikolaizan'olona izahay telo mirahavavy fa mihaingo be. Ary tao kilasy famaranana (terminal) aho dia Burla no niantsoana ahy, satria mamanay dia mpanjaitra mahay sady mpamorona lamaody. Vita ny servisy nasionaly(SN) dia nalaina ny orinasa iray aho ho « Miss ´Antsirabe ». Fa ny fahatsiarovana ratsy indrindra tamin' ny fiainako ny nahafatesan'i Dada tamin'izy 50 taona. Mama indray narary mafy nefa ny zandriko mbola tany $6^{ème}$ sy $5^{ème}$ fa ny anadahiko 2 lahy tany Ankatso. Efa nampanantena anefa i Dada fa handefa ahy any ivelany hanohy fianarana pharmacie kanjo vita ny fiainana.

**Tapaka ny jiro teo am-piakarana sehatra**

Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy teo amin'ny tontolon'ny zavakanto ireto : ny fiakarana an-tsehatra voalohany teo amin'ny faha-11 taonany sy faha-14 taonan'i Mamy. Ny anaran'ny tarika nentin'izy ireo, Mamy sy Hary ary ny dadany ihany no mpiahy ny tarika sady mamorona ny hiran'izy roa vavy. Teo amin'ny fampandihizana no tena talentan'izy ireo tamin' izany. Fa ny tsiaro tsy mety hadinon'i Hary hatramin'izao ny tao amin'ny Roxy. Teo ampihirana mihitsy izy no tapaka tampoka ny jiro ka nikoropaka ny hatairana.

**Nangonin'i Fy**

"The Voice Africa"

# Malagasy 6 mianadahy tafakatra amin'ny dingana manaraka



**Hiato mandritra ny herinandro ny seho ary hiverina amin'ny 3 jolay, any amin'ny 9 jolay any kosa ny "Knockouts".**

Tamin'ireo solontena Malagasy 7 niatrika ny fifaninanankira "The voice Africa" izay notanterahina tany Lagos Nigeria. Iray ihany no nihintsana fa tafakatra amin'ny dingana manaraka (Battle Raound) avokoa izy 6 dia : Manantsoa, ????Fabre, Ryo, Joany, Dina ary Rinah. Mila tohana avy amintsika izy ireo. Tsy amin'ny alalan'ny safidy akory fa amin'ny alalan'ny fiombonam-po sy saina ary fanahy. Manan-talenta izy ireo satria ireo mpitsara ny fifaninanana aza efa miandrandra zavatra tsara avy amin'izy ireo hatrany. Tamin'ity dingana ity, samy nanolotra ekipa manantalenta 14 ireo mpanazatra efatra, Awilo no solontenan'i Manantsoa, ??Locko no solontenan'i Fabre sy Ryo, Yemi Alade no solontenan'i Dina ary Joany kosa i Rinah. Ireo mpanazatra, dia mifidy mpikambana ao amin'ny tarika izay hifanina amin'ny fampisehoana hira mitovy. Tsy maintsy manao fampisehoana tokana izy ireo ary mampiseho ny kalitao tsara mba hahafahany mandroso amin'ny dingana manaraka antsoina hoe "Knockouts".

*Miantso ireo mpankafy mozika hanohana ireo kintana nasionaly vao misondrotra mandray anjara amin'ny The Voice Africa, ny Airtel Madagascar izay mpanome tolotra lehibe sy maro karazana amin'ny fifandraisan-davitra.*

Hiato mandritra ny herinandro ny hetsika fa hiverina kos amin'ny 3 jolay ary amin'ny 9 jolay ny "Knockouts" . Ity dingan'ny fifaninanana ity, dia hanasongadina vondrona kely misy talenta 32 manerana firenena aty Afrika mampiasa ny tambajotra Airtel mandray anjara, izay hifanina mba hampiaiky volana ny mpanazatra azy. Hivoaka amin'ny 24 septambra ho avy izao ny famaranana lehibe, ary ho fantatra izay mpandresy amin'ny "The Voice Africa" izay hahazo ny loka lehibe mitentina 100,000 $ USD sy fifanarahana fandraisam-peo miaraka amin'ny mozika EmPawa izy.

Nilaza Julie Raharilalao, talen'ny varotra ao amin'ny Airtel Madagascar, fa "*ny talenta miavaka amin'ny feo eto amin'ny Firenentsika dia manana vintana tsy mampino ny hahazo ny satroboninahitra The Voice of Africa. Faly izahay manolotra azy ireo sehatra hizarana ny talentany amin'izao tontolo izao ary miantso ny Malagasy hanohana azy ireo mandritra ny diany, amin'ny fiatrehana ny fifandonana amin'ny feo farany any Afrika.* »

**Nangonin'i Tiaray R**

Fond Yavar Houssen

# Hanolotra vatsim-pianarana mitentina 17 000€ ho an'ny tanora

Vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny Fonds Yavar Houssen sy ny INHA (Institut National de l'Histoire et de l'art) any Paris dia hisy ny fanomezana vatsim-pianarana mitentina 17000 € sy fandehanana mianatra ao amin'ny INHA Paris ho an'ireo tanora mpikaroka sy mpandalina tantara. Ireo tanora mpianatra eny amin'ny oniversite izay manaraka ny lalam-piofanana momba ny tantara sy ny vakoka no tena iantefan'izany. Mpianatra manana « maîtrise », « doctorat », « postdoctorat » nanao fikarohana momba ny tantaran'ny zavakanto teto Madagasikara nandritra ny vanim-potoana nanomboka tamin'ny taonjato faha-19 sy tamin'ny taonjato faha-21. Ho an'izay te handray anjara dia mbola afaka mametraka ny antontan-taratasiny sy ny fikarohana nataony amin'ity rohy manaraka ity : https://candidature.inha.fr/. Hatramin'ny 3 jolay izao no fara-fandefasana izany. Ireto avy ireo antontantaratasy ilaina : fangatahana atao amin'ny teny frantsay na amin'ny teny anglisy na amin' ny teny malagasy izay ahitàna: taratasy alefa ho an'ny tale jeneralin'ny INHA sy ny talen' ny fianarana sy fikarohana ao amin'ny INHA; Ny « curriculum vitae »; ny fandaharampikarohana amin'ny antsipiriany izay tokony ho 5 pejy farafaha-betsany, famintinana ny tetikasa, ny toetry ny zavakanto, ny fomba fiasa ary ny tanjona tadiavina (fandrafetana boky, thesis, ary lahatsoratra, sns.), ary koa ny kalandrie vonjimaika momba ny fijanonana fikarohana kasaina (famaritana mazava ny loharano, vola, asa hojerena, mpanakanto sy olo-malaza hihaonana, sns.) ary famantarana ny teti-bola ilaina hanatanterahana izany. Ankoatra izay dia mila ny taratasy fisoratana anarana amin'ny toerampampianarana ambony hanamarihana ny ambaratonga izay misy an'ny tena. Taratasy fanohanana avy amin'ny olona siantifika na ara-javakanto manohana ny fampiharana. Marihana moa fa ny fangatahana izay lasa ao anatin'io rohy voalaza etsy ambony io ihany no manan-kery.

**Tanya.R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, TV, frigo, fanaka, machine, vilia, vilany sns. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43 / 033.06.917.40. (G-BA 566/7-3)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kiraro, kilalao, vy. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 586/12-2)

### A LOUER

* Tsena ampanofaina, be mpandalo sy efa folaka. Afaka anaovana activité. Tél : 034.40.040.65. (G-BA 579/10-8)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 575/10-9)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 549/4-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 575/10-9)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 583/6-5)

### VIDANGE

* Fosse septique puisard Makiplast wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 571/15-13)

* Vidange wc fosse septique, wc perdu, puisard, pompage Makiplast, réparation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 576/20-9)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 581/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.47.024.33. (G-BA 580/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 585/6-3)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 585/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 585/6-3)

### MANAO PLAN

* Mr Rivo, manao plan trano sy devis @ sarany mora ary manana traikefa. Tél : 038.72.472.98. (G-BA 587/2-2)

Fetin'ny 26 jona

# Ho hentitra ny fiarovana ny filoham-pirenena mandritra ny matso

*Nandritra ny valandresaka nataon'ny komity mpikarakara ny fankalazana ny fetim-pirenena dia nambara fa anisan'ny mampiavaka ny faha-63 taona niverenan'ny fahaleovantena ity ny fiovan'ny mozika fitsokan'ny tafika mandritra ny matso.*

Hanomboka amin'ny 9 ora sy sasany ny lanonana etsy amin'ny kianjan'ny Mahamasina ny alatsinainy 26 jona. Matso lehibe no harahina ka mitotaly 3719 ny vondron-kery handray anjara amin'ny matso ary hisy fiarakodia 235. Ny filoha Andry Rajoelina izay lehibe faratampon'ny Foloalindahy no hitarika ny matso. Ho hentitra ny fiarovana ny ain'ny filoha mandritra ny hetsika rehetra hatao ny andron'ny fetim-pirenena. Ny mpitandro ny filaminana avy eo anivon'ny fiadidiana ny



Talen'ny fiahiana sy fiambenana ny eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika (DSP) , Jeneraly Mamy Rakotoniaina.

Repoblika no hisahana ny fiarovana azy,izay hiaramiasa amin'ny "EMMOFAR" sy ny "EMMOREG". *"Ho fiarovana ny filoha sy ny vahoaka dia ny Fiadidiana ny repoblika no mandray andraikitra mivantana ny fampidirana ny olona ao amin'ny kianjan'ny barea amin'ny 25 sy ny 26 Jona izao. Ny alahady dia efa miatrana eny an-toerana izy ireo rehefa manomboka ny rindran-kira fiderana sy ny afomanga. Maraina dia efa hampidirina ny olona saingy entanina mba tsy hanjifa ny zava-pisotro mahamamo. Fetin'ny malagasy rehetra ny fahaleovan-tena ka Aoka mba hanaraka ny toromarika ny tsirairay. Anisan'ny fepetra raisina ny tsy fazahoana mampiasa ny « laser » amin'ny andron'ny 25 jona sy ny 26 jona na antoandro na alina. Izany dia ho fandridrana ny filaminana satria ny laser dia fampiasan'ny olona ratsy indraindray. Efa misy ny fepetra ho raisina mikasika izay ary misy ny tomponandraikitra hijery izay minia mandika izany. Efa manana « dispositif anti laser » ny fiadidiana ny repoblika. Ho an'ireo eny Andohalo dia efa misy mpitandro filaminana hiatrana eny an-toerana mba hanara-maso ny mikasika izany. Tsy ho tafiditra mihitsy ny laser araka izany"* : hoy ny Talen'ny fiahiana sy fiambenana ny eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika (DSP), Jeneraly Mamy Rakotoniaina.

**Fitoniana**

Nandritra ny valandresaka nataon'ny komity mpikarakara ny fankalazana ny fetim-pirenena dia nambara fa anisany mampiavaka ny faha-63 toana niverenan'ny fahaleovan-tena ity ny fiovan' ny mozika fitsokan'ny tafika mandritra ny matso. Handray anjara ihany koa ny tafika Frantsay avy atsy amin'ny Nosy « La reunion ». Ny afomanga kosa dia hapoaka ny alahady izao , na ny eto andrenivohitra na ny any amin'ny faritra. Hisy ny eo Anosy sy ny ao anatin'ny kianjan'ny Barea. Ireo tsy tafakatra alavitra dia hita ao amin'ny kianja Barea saingy ireo afomanga lehibe dia eny Anosy. Marihina fa miray hina tanteraka ny mpitandro ny filaminana amin'ny fiarovana ny vahoaka sy ny fandaminana ireo hetsika rehetra ao anatin'ny fanatontosana ny fankalazana. Koa entanina ny rehetra mba hankalaza izany am-pilaminana sy am-pamendrehana ary am-pitoniana tanteraka manerana ny Nosy.

**Ariel D.**

Fianarantsoa

# Tovolahy tratra nanamboatra "visa" sy pasipaoro sandoka

Tovolahy 26 taona no voasambotry ny polisy tany Fianarantsoa ny alarobia lasa teo noho ny fanaovana visa sy pasipaoro sandoka. Ny 18 may lasa teo dia nisy vehivavy tratra nitondra ireo antontan-taratasy hosoka ireo teny amin'ny seranampiaramanidina Ivato ka nosamborina avy hatrany izy. Araka ny fantatra dia ho any Frantsa no anton-diany tamin'io ary tsy lasa fa voatery tsy maintsy najanona ka nentina tany amin'ny biraon' ny mpitandro filaminana izy. Taorian'ny famotorana natao teo anivon'ny mpitandro filaminana dia niakatra fampanoavana ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika teny Ananimora ravehivavy. Taty aoriana dia nahafahan' ny fitsarana ny tenany ka nametraka fitoriana izy ary nilaza fa nisy tovolahy iray nisoloky azy. Nolazainy fa nakan'io lehilahy io vola mitentina 30 tapitrisa ariary izy hoe hanamboarana visa schengen sy pasipaoro vaovao kanefa dia io nahavoasambotra sy nampigadra azy io. Nolazainy fa tsy fantany hoe hosoka ireo taratasy fa natoky an'ilay tovolahy ilay vehivavy. Dia nandray andraikitra nanao fanadihadiana ny polisy ka fantatra tamin'izany fa any Fianarantsoa ilay lehilahy no mipetraka fa manao ny asa ratsiny eto Antananarivo. Nisy ny fiaraha-miasa tamin' ireo polisy avy any amin'ireo toerana roa ireo ka dia izao tra-tehaka izao ilay lehilahy. Fantatra fa nandritra ny famotorana natao taminy dia niaiky ny heloka vitany izy. Niakatra fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Ambodin'Isotry

# Ramatoa voendaka, lasa avokoa ny vola

Fotoana fanarararaotan'ny mpanendaka mihitsy amin' izao ankatoky ny fety izao. Mifangaro any anaty olona any ry zalahy ka sarotra ny mamantatra azy. Ramatoa iray indray no lasibatra teny Ambodin'Isotry omaly. Raha niantsena niaraka tamin'ny zanany ity ramatoa iray no narahin'ny mpanendaka avy aoriana. Toa efa narahiny maso mihitsy satria raha iny variana nijery lamba iny izy no tonga dia nisy nandidy ny poketrany. Lasa tamin'izany ny fitoeram-bolany, izay nisy ny vola rehetra saika hiantsenana. Tsy mbola nisy zavatra azo akory anefa fa vao tonga mihitsy ry zareo. Tsy hitan'ilay ramatoa izay natao satria tsy nisy vola intsony tany amin'izy mianaka. Niantso vonjy tamin'ny manodidina ihany izy saingy efa tsy hita ny nidifian'ilay mpanendaka. Mila mailo sy mitandrina hatrany rehefa mandeha amin'ireny toerana be olona ireny fa tena manao ny ataony mihitsy ireo mpanendaka amin'izao. **R.C**

Mahajanga

# Zaza menavava nisy nanary, namoy ny ainy teny amin'ny hopitaly

Nampihetsi-po ireo rehetra nahita ny zavatra nihatra tamin'ity zaza menavava nisy nanary ity. Na dia efa nanao ny ala nenina rehetra tamin'ny fitsaboana azy aza mantsy ny mpitsabo dia tsy tana ny ainy. Araka ny fanazavana azo, ny sabotsy lasa teo no nisy nanary tao amin'ny fokontany Aranta-Mahajanga ity zaza menanavava ity, izay zazalahikely vao teraka mihitsy satria mbola niaraka amin'ny tavoniny. Ny olona sendra nandalo teo amin'ilay toerana no taitra raha nandre feon-jaza nitomany. Rehefa nojerena akaiky ny fiavian'ilay feo dia inona tokoa fa zazakely no hita tao. Nofonosina lamba fotsiny ilay izy dia napetraka teo amoron-dalana. Novonjena nentina haingana namonjy hopitaly ilay zazakely satria tena mbola marefo tokoa ka mila fikarakarana maika.

**Tsy fantatra**

Tsy mbola fantatra hatreto ny renin'ity zaza ity sy ny olona nanary azy teo amin'io toerana io. Tsy nisy nahatsikaritra ny zava-nitranga rahateo ny mponina teny amin'ny manodidina satria mety vao maraim-be no nanariana azy teo. Efa nateraka mihitsy anefa ilay zaza ary vao latsaka matoa mbola niaraka amin'ny tavoniny. Tao amin'ny hopitaly Androva-Mahajanga moa no nitsaboana ilay zaza kanefa izao tsy tana izao ny ainy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao ka efa mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ny renin'ity zaza ity. Voamarika fa efa matetika mihitsy ity zaza misy manary ity. Asa inona loatra no mahatonga ny olona sasany mahafoy ny menaky ny ainy toy izao?

**R.C**

Manakara

# Fiara nandona trano, olona iray maty, telo naratra mafy

Nisehoana lozam-pifamoivozana nahafatesan'olona tany amin'ny fokontany Lokomby any amin'ny distrikan'i Manakara ny alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora alina. Fiarabe iray no nandona olona tao amin'ny tobimpiantsonan'ny fiara tamin'io fotoana io. Vokany : lehilahy iray no maty tsy tra-drano ary roa lahy hafa kosa naratra mafy. Araka ny fanazavana dia avy any Manakara ity fiara ity ary nandeha nanatitra olona teo an-tampon-tanànan'i Lokomby. Nitodi-doha niverina izy avy eo ka nandeha mafy ary tamin'izany no nahavoadona ireo telo lahy nipetraka teo amin'ny sisin'arabe. Dia mbola nifatratra tany amin'ny trano hazo iray ihany koa io fiara io. Nanoloana izany tranga izany dia nitsoaka ny niala teo amin'ilay toerana nisehoan'ny loza ilay mpamily ny fiara nahavanon-doza ary nentiny nanaraka azy tany ny antontan-taratasy rehetra makahasika io fiara io.

**T.H**

Antsohihy

# Lehilahy iray voasambotra fa nandoro ala

Voalaza ho tomponantoka tamin'ny fandoroana ala tao amin'ny faritra arovana antsoina hoe Manasamôdy, kaominina Anjiamangirana, distrikan'Antsohihy ity lehilahy iray ity ka nosamborina ary natolotra ny Fitsarâna taorian'ny famotorana natao azy. Araka ny fanazavana azo, ny 22 mey lasa teo no nisy firehetana tao amin'io ala arovana io. Raha vao nahare izany ny Lehiben'ny ala any an-toerana dia nidina ifotony nijery ny zava-nitranga sy nanao fanadihadiana. Tamin'izany no nahafantarana fa ity lehilahy ity no voalaza fa tomponantoka tamin'izany. Nosamborina avy hatrany io.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Rima (mpikabary, mpampianatra)

# " Ilaina ny mahafehy fomba sy fahendrena vao tokony hitondra teny "

*Herimanjaka Tsilavo Manantsoa, antsoina hoe Rima. Mpanoratra, Poeta, mpikabary, mpandala ny fomba malagasy, mpampianatra taranja malagasy sy ny fivoarana mahaolona ary ny sehatra politika. Mifandray sy mifanerasera amin'ny sokajin'olona samihafa izy, na ankizy, na tanora na olon-dehibe. Nisy ny resadresaka nifanaovanay taminy mikasika ireo talenta rehetra voalaza ireo. Ny fahitany ny fivoarany eny anivon'ny fiaraha-monina eny :*

**- Gazetiko** : *Inona no tena mampiavaka anao eo amin'ny sehatry ny kabary ? Olon ohatran'ny ahoana no atao hoe mpikabary ? Talenta ao anaty sa tsy maintsy ianarana ny kabary ?*

***Rima** :* Eo amin'ny kabary : ny fifehezana ny fomba sy ny fahalalana azy angamba no mety mampiavaka kely ahy raha mitaha amin'ireo mpikabary manao tsinajery hainteny sy ohabolana fotsiny ihany. Ny kabary dia natokana ho an'i Andriana fahiny, izay no nahatonga ilay fomba fiteny hoe: "*zanak'omby tsy hampianarin-domano, zanak'Andriana tsy hampianarin-kabary*"... Noho izany, na dia natao ho an'i Malagasy rehetra aza ny kabary dia ilaina ny mahafehy fomba sy fahendrena vao tokony hitondra teny... Ianarana daholo ny zavatra rehetra na ankolaka io na mivantana... Ho ahy manokana dia nianatra ankolaka aho, ka tsy haiko na izay ilay antsoina hoe voanjanahary na ihany koa hoe Talenta.

**- Gazetiko** : *Asa soratra, mankaiza isika ? Inona no asa soratra misongadina am Zao vaninandro iaonantsika izao ? Mbola liana vé n'y tanora s'yn'y Zaza Malagasy?*

**-Rima** : *Ny asa soratra indray* : mampalahelo fa na dia maro aza ny ezaka ataon' ny mpanoratra sy ireo mpisehatra eo amin'io tontolo ny haisoratra malagasy io dia mitady ho herim-po verimaina izany indraindray... Mba te hanohy ny fotokevitry ry Ny Avana sy ry Rabearivelo ary Rajoelisolo : « *HITADY NY VERY* »... Na izany aza anefa dia mahazo vahana ny tononkalo ankehitriny, ary dia tena maro ny tanora sy ireo mpanoratra zandry taty aoriana no mirona amin'ny fanoratana azy. Misy liana fa



**Olon'ny teny sy ny literatiora malagasy i Rima.**

tsy azo hodian-tsy hita koa anefa fa vitsy ihany no mankamamy ny fitiavana azy. Ny antony angamba, tsy ampy ny sehatra hanampariahana sy hampitiavana azy ireo izany. Satria tsapa ho mankafy ny ankizy rehefa mamangy ireny sekoly ireny ny tena anaty velan-kevitra sy ny tononkalo mitety vazan-tany.

***- Gazetiko** : Ny fahitanao ny ho avin' ny teny Malagasy indrindra amin'izao famaranana ny fankalazana ny iray volan'ny teny Malagasy izao? Ilaina vé llay fankalazana aminao?*

***Rima** : Raha ny fahitako sy ny fahatsapako ny teny malagasy ?* - Marary ny teny malagasy ankehitriny mba tsy ilazako hoe kely sisa dia hiala aina... Zary lasa reharehaha ho an'ny Ray amandreny sasany ankehitriny ny mahita ny zanany tsy miteny gasy. Ka hifandrombahana ny mampianajanaka any amin'ireny sekoly miteny frantsay na miteny anglisy irony... Ny mpitondra fanjakana sy ny olona ambony moa efa tsy lazaina intsony fa dia voarakitra amin'ny teny vahiny daholo ny tahiry antsoratra fampiasa rehetra... Tena ilaina ny fankalazana fa io no sisa hany fotoana kely na dia fohy ihany aza hampahalalana ny hasina sy lanjan' izany teny mamintsika izany.

**- Gazetiko** *:Mpikabary ampanambadiana ianao. Ahoana ny hevitrao mikasika ny vodiondry sy ny fanajana azy ankehitriny ? Mbola mipetraka vé ny fombam taloha ? Mikasika ireo fombafomba sy dingana arahina ohatra?*

***Rima*** : Zava-dehibe ho an'ny malagasy ny vodiondry. Henatra izany hoe : « mitari-bady tsy lasa-vodiondry » amintsika malagasy. Somary very amin'ny antsasany mba tsy ilazako hoe very manontolo ny fomba amin'ny fanatanterahana ny vodiondry raha mitaha amin' ny fomba taloha... Maro loatra ireo mpitondra teny maika loatra hisehatra amin'izany fa tsy voafehy intsony ny tantara sy ny zavamarina. Raha tsy hiteny afatsy ny « FAMATOM-PITIA » sy ny « FEHINJAZAVAVY » aho... Tsy misy manatanteraka intsony izany ankehitriny. Ny dinika sy resaka hifanaovana aza moa dia zary lasa fomba fiteny ilay hoe: "*Tsotsory fa maika*" !

**- Gazetiko** : *Mikasika ny fombafomba toa ny ala volonjaza, famorana, fahafatesana, fanambadiana. Aiza ho aiza n'y fiara monina Malagasy ankehitriny?*

***Rima*** : Maro dia maro tokoa ireo soatoavina Malagasy izay toen-tsaina najoron'i Ntaolo hitarafana ny fahendrena hanannantsika fahiny...saingy firy amintsika izao tokoa moa no mbola manatanteraka azy? Ala volonjaza vitsy no manome lanja azy ankehitriny, ny famorona efa zary zara fa hita ao ireo fombafomba taloha (rano mahery, fary...), Amin'ny fahafatesana izany moa dia efa lamaody ny hoe TSY MISY FIARETATORY iny anefa no anisan'ny fepetra maha Razana ny Razana raha arak ny finoana Malagasy sy ny heviny hoe: Fiangaviana ny tontolon'ny maty handray ny tontolon' ilay olona hiova toerana any, ny fanambadiana izany moa efa tsy lazaina intsony... Mila miverina andoharano isika fa tsy misy firenena handroso na oviana rahoviana raha ny fomba sy ny fahendreny aza tsy voahaja sy tsy omenkasina ?

**- Gazetiko** : farany, *momba ny fampianarana, Firy taona izay ? Miha mivoatra vé ny ankizy maka baka?Ny fahaizan'ny mpianatra raha mitaha ny taloha ?*

***Rima*** : Maanodidina ny 15 taona mahery eo ho eo izay aho no nisehatra teo amin'ny tontolon'ny fampianarana... Raha efa mananika ny 20 taona latsaka kely no nampianarako ny taranja malagasy ho an'ny kilasy famaranana. Raha ny taranja malagasy manokana dia manomboka mitady ho sahiran ny ankizy raha mitaha amin'ny teo aloha. Antony, mirobo-robo loatra ny fanatotoloana sy ny fivoarana ara-teknika ka malaina mampiasa saina sy mikaroka ny ankizy ankehitriny...

**Dinika nifanaovan'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Andriamanitra no itokio, izay omeny dia ifalio, aza asiana fepetra fa amin'ny fonao rehetra.
Ekeo izay itondrany anao sy izay tondroiny halehanao, dia halaminy ny dia raha toa ianao mankato."
Ny Vetso (L. 02. 09)
("Trust in the LORD with all thine heart; And lean not unto thine own understanding. In all thy ways acknowledge Him, and He shall direct thy paths."Proverbs 3:5, 6)

Ravinala Airport

# Napetraka eny Ivato ny fampirantiana " Varavaran' ny Tsiaro "


**Lasa fomba amam-panao eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato tantanan'ny Ravinala Airport ny lanonana fananganantsaina isaky ny fetim-pirenena.**

Fanaon'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato izay tantanan'ny Ravinala Airport ny fananganan-tsaina isaky ny fankalazana ny fiverenan'ny fahaleovantena. Hanasan'izy ireo manam-pahefana sivily sy miaramila hatrany izany ary tamin'ity taona ity dia tonga nanotrona ny hetsika ny tale jeneralin'ny Kolontsaina eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy Kolontsaina, ny sekretera jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy Fizahan-tany, ny tale jeneralin'ny Ravinala Airports ary manam-boninahitra araka ny sokajy misy azy. Noredonina hatramin'ny farany ny hiram-pirenena mialoha ny fandraisam-pitenena. Nanambaran'ny Tale Jeneralin'ny Ravinala Airport, Julien Coffinier fa ny fananganan-tsaina dia natao hanomezan-danja ny firenena ary koa hanomezam-boninahitra ny tafika. Amin'ny maha vavahadin'i Madagasikara ny seranam-piaramanidina Ivato dia napetraka eny an-toerana ihany koa ny fampiratiana nampitondraina ny lohahevitra hoe "*varavaran'ny Tsiaro*" izay natao hitarihana mpizahatany sy hampahafantarana an'i Madagasikara.

Ny "varavaran'ny Tsiaro" araka ny fanzavana, fampirantiana asa tanana; ny kolontsaina Malagasy sy ny santionan'ny zava-maniry ary zava-mananaina misy eto Madagasikara. Ny sanaganasan'i Eric Rakoto, Anjoanina, Fiatiavana Ratovo, Finoana Ratovo, Maherisoa Rakotomalala, Taka Andrianavalona avy ao amin'ny Isart Galerie etsy Ampasinamalo no haranty. Aharitra eo amin'ny 4 volana eo ny fampiratiana ary azon'ny rehetra tsidihina maimaimpoana ihany koa.

Fa ankoatra izay, nifanindran-dalana tamin'izany ihany koa ny fampahafantarana manokana ny vondron-tafika tsirairay izay miara-misehatra eny anivon'ny seranam-piaramanidina Ivato. Hita amin'ny trano heva avokoa ny momba ny Polisim-pirenena sy ny andraikiny, ny Zandarimariampirenena sy ny asany, ny Vonjy voina (ASECNA) ary ny Fadintseranana Malagasy.

**Tiaray R**

FORMATION PÉDAGOGIQUE
Devenez Instituteur ou Institutrice d'école pour les niveaux Préscolaire et Primaire
Renforcement de capacité ou Initiation
CERTIFICAT À LA FIN DE LA FORMATION
Du 17 Juillet au 18 Août 2023
Durée 1 mois
Au programme:
- Formation pédagogique complète
- Psychologie des enfants
- Programme scolaire
- Technique d'éveil
- Travaux manuels et comptines
- Stage pratique offert dans des établissements scolaires
Horaire au choix
12h30 à 14h30
ou
14h30 à 16h30
du Lundi au Jeudi
Frais de formation
60 000Ar
UPRIM Andavamamba
034 11 215 08 - 033 76 252 59 - 020 85 215 03
Université UPRIM
GCL 545/4-2

COURS DE LANGUE
FRANÇAIS ET ANGLAIS
PENDANT LES VACANCES
Pour ados et enfants à partir de 4 ans
Les enfants seront classés selon leur âge et leur niveau
Durée: 1 mois - du 10 Juillet au 04 Août 2023
Frais de cours: 35 000Ar si Français ou Anglais seulement
65 00Ar si Français et Anglais à la fois
Cadre spacieux et sécurisé
Jeux éducatifs
Institutrices(eurs) expérimentés(es)
Pratique orale intensive
Appui scolaire
Compréhension orale et écrite
Université UPRIM
UPRIM Andavamamba
CONTACT 020 85 215 03
034 11 215 08
033 76 252 59
GCL 545/4-2

COURS PRÉ-UPRIM
BACC SOPAPA 2023
FARADOBOKA
DU 03 AU 15 JUILLET 2023
02 SEMAINES
- Sujets types marobe
- Torohevitra manokana
- Atao daholo ny taranja rehetra
- Résumé ny lesona rehetra mety hipoitra any amin'ny Bac
SARANY: 30 000Ar
Université UPRIM
UPRIM Andavamamba
CONTACT 020 85 215 03
034 11 215 08
033 76 252 59
GCL 546/3-2

Marc Ravalomanana

# Naverina an-dakazery ireo mpiambina manokana azy

*Milaza ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana fa tsy nilazana mialoha ny fisian'io fanapahan-kevitra io ny tenany na dia voakasika mivantana aza.*

Raha mbola variana tamin' ilay vaovao manodidina ny fizakan'ny filoha Andry Rajoelina zom-pirenena frantsay ny olom-pirenena liana amin'ny fizotran'ny raharaham-pirenena, dia nisy vaovao tampotampoka teny amin'ny trano fonenan'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana, omaly maraina. Araka ny loharanom-baovao akaiky io laharana voalohany eo anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara io, nilatsaka ny baiko avy amin'ny primatiora miantso ny mpitandro filaminana, miambina io filoham-pirenena teo aloha io hiverina an-dakazery. Nanamafy izany ny valandresaka ho an' ny mpanao gazety nataon' i Me Eloi, mpisolovava miaro an'Ing.Marc Ravalomanana sy ny birao politika TIM teny Faravohitra, omaly, izay nilazan'izy ireo fa nesorina ireo mpiambina manokana an'io Filoham-pirenena teo aloha io. Marihana fa miainga amin' ny voalazan'ny andininy faha-5 ao amin'ny lalàna 2013-001 mikasika ireo tombontsoa sitrahan'ny filoham-pirenena sy filoham-panjakana teo aloha dia misitraka zo hanana mpiambina manokana miisa 12 hiantoka ny fiarovana ny tenany sy ny fianakaviany ary ny toeram-ponenany izy ireo. Ny zava-misy omaly anefa dia nesorina tamin'Ing. Marc Ravalomanana izany tombontsoa sy zo sitrahany izany.

### Tsy feno ny fepetra

« *Manontany tena izahay hoe inona ny anton'ireo sy ny ao ambadik'izany fanitsakitsahana ny zony izany. Raha jerena amin'ny antsipiriany anefa ny fepetra entina manala ireo olona ireo tsy hiambina ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana dia tsy feno ka sokajanay ho tsy ara-dalàna izany. Araka izany, mila fananzavana avy amin'ny tomponandraikitra izahay amin'ny maha mpisolovava miaro an'Ing. Marc Ravalomanaana anay. Izay ve no tokony ho fanapahan-kevitra tokony hisy eto amin' ity firenena ity. Raha milaza ombieny ombieny isika hoe firenena tan-dalàna i Madagasikara, ny zo fototra ananan'ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny maha filoham-pirenena teo aloha azy anefa esorina aminy . Ary heverinay fa hiteraka fahavoazana lehibe ho an'io Filoham-pirenena teo aloha io izao fanapahan-kevitra izao* », hoy ny Me Eloi tamin'izany.

### Niaro fatratra

Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tsy vao tamin' izao fa efa nampanantsoina tany amin'ny lehibeny ireo mpiambina manokana ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ireo taorian' ny kongresim-paritra notanterahan'ny antoko Tiako i Madagasikara tany Analavory sy tany Mahajanga farany teo. Ny zavatra tsikaritra nandritra ireo kongresim-paritra ireo dia niaro fatratra io Filoham-pirenena teo aloha io ireo mpiambina manokana azy ireo na dia teo aza ny sotasota sy ny sakantsakana nandritra ny hetsika. Isan'ny fanontaniana mbola tsy nahazoam-baliny ankehitriny dia hoe ho soloina ve sa misy antony hafa ny nanalana ireo mpiambina manokana ireo. Dia ho hita eo ny tohiny !

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mitombo isan'andro !

**Mandalo fotoan-tsarotra ny firenena. Io no azo amintinana ny zava-misy eto amintsika, telo amby enimpolo taona aty aorian'ny nahazoan'i Madagasikara fahaleovan-tena, rehefa tarafina amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina. Mitombo isa andro aman'alina ny mpangataka sy ny mpatory an-dalana ; tsy ahitam-bahaolana ny fahatapahan-jiro sy rano ; potika ny lalana tsy anavahana na an-drenivohitra na ny lalampirenena ; mikoroso fahana ny fampianarana, saika amin'ny ambaratonga rehetra ; mahazo vahana ary toa iniana tsy vahana ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, amoizana ain'olona sy fananana saika isan'andro ; mihapotika tsikelikely ny fihavanana malagasy fa mahazo laka kosa ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-bola ary ny fanararaotam-pahefana ; mirongatra ny kolikoly saika amin'ny sehatra rehetra sy ny fanondranana antsokosoko ny harem-pirenena...Vokany, tompony mangataka atiny eto amin'ny taniny ny vahoaka Malagasy fa olom-bitsy no migoka ny harena. Miainga amin'ireo zava-misy tanisaina eo ambony ireo, indrindra amin'izao ankatoky ny fanjalazana ny fetim-pirenena izao dia manitikitika ny saina ny hoe: manana ny fahaleovan-tenany tokoa ve isika ? Fanontaniana tokony hanaitra sy hampieritreritra ny olom-pirenena, indrindra hampihetsika ny hambom-pompirenena, dieny mbola tsy tara. Raha tsy izany mantsy dia mampanahy be ihany ny ho avin'ny taranaka faramandimby izay tsy vitan'ny hibaby trosa fa mety ho tompon-tany matsaka rano maloto eto an-tanindrazana. Indrindra raha mitohy tsy an-kijanona ny fakàna tany amin'ny fomba hafahafa izay matetika ahitana tambazotran'ny kolikoly avo lenta !**

Voahangy Rakotozafy

Raharaha " Apollo 21 "

# Nafindra any Frantsa ilay vahiny nogadraina teny Tsiafahy Philippe François



Asa fifanandrifin-javatra ve fa andro iray taorian'ny fihaonan'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay, Catherine Colonna tany Paris, dia nahazoam-baovao fa navoaka teny Tsiafahy ilay teratany frantsay fantatry ny maro amin'ny hoe Philippe François, izay voaheloka tamin'ilay raharaha fikasana hamono ny filoham-pirenena « apollo 21 ». Araka ny loharanom-baovao marim-pototra, niala vao maraina teny amin'ny fonjaben'i Tsiafahy io manamboninahitra ambony tao amin'ny tafika frantsay io ary niala an'i Madagasikara ho any Frantsa avy hatrany taorian' izay. Nandeha be ny feo taorian'izany fa nitady ny fomba rehetra nitsoahana ny fonja ity teratany frantsay ity kanefa tsy naharitra izany satria vetivety ihany dia niparitaka ny vaovao nandiso izany. Araka izany, nandeha ny fanazavana fa nafindra any Frantsa io teratany vahiny nogadraina teny Tsiafahy io ary efa nanaiky izany ny fanjakana malagasy ka diso tanteraka ny filazana hoe nitsoaka izy. Na izany na tsy izany, lasa ihany ny saina hoe tena mbola hitohy ve ny famonjana ity teratany frantsay ity rehefa tonga any amin'ny tanindrazany izy aorian'izao famindrantoerana azy izao.

### Tsy nahatohitra

Raha tsiahivina, nialoha izao famotsorana an'i Philippe François dia tsy nitsahatra nitady ny fomba rehetra hahafahany mamindra ireo terataniny hotsaraina any amin'ny firenena niaviany (extradition) ny fitondrampanjakana frantsay tao anatin'ny volana maromaro. Ankoatra ny fianakavian'io manamboninahitra ambony tao amin'ny tafika frantsay io dia niditra an-tsehatra nitaky izany ihany ny Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay Catherine Colonna. Dia tsy vitsy ireo milaza ao anatin' izany, fa tsy nahatohitra ireo karazana tsindry nihatra taminy ireo ny fanjakana malagasy ka nanaiky niroso tamin'izao famotsorana an'i Philippe Francois izao. Ao anatin'izany rehetra izany, mbola notazomina eny Tsiafahy kosa Ing. Paul Rafanoharana, izay isan'ireo voalaza ho atidoha nikotroka ilay raharaha apollo 21 niaraka tamin'i Philippe François.

**Mamy R.**

Hetsika teny amin'ny 13 mey

# Sazy miantona 2 taona ny azon'i Doris Rakoto Samuel sy Nambinina Gasy Leo

Araka ny fandaharam-potoana efa voafaritra mialoha, nivoaka omaly ny didim-pitsarana mikasika ny raharaha mahavoasaringotra an'Ing. Nambinina Raherimampianina, mpitarika ny vovonana Gasy Leo sy Rtoa Doris Rakoto Samuel, andefimandrin'i Mahery Lanto Manandafy. Voaheloka higadra roa taona an-tranomaizina sazy miantona izy mianadahy ireo rehefa nivoaka ny didy momba ny fiampangana nahavoasaringotra azy ireo. Ny dikany, raha misy tranga hafa anenjehana azy ireo izany ato anatin'ny 5 taona, dia mihatra avy hatrany io sazy 2 taona io, miampy izay sazy aterak'ilay tranga vaovao, raha toa ka hita fototra izany. Araka ny nambaran'ny Me Maka, mpisolovava miaro an'i Doris Rakoto Samuel dia famoriambahoaka tsy nahazoana alàlana sy fitarihana hetsika andalambe tsy nahazoana alalana ary fanivaivana mpitandro ny filaminana no vesatra niampangana izy mianadahy ireo.

### Nalefa nody

Raha tsiahivina, nosamborin'ny mpitandro ny filaminana nandritra ny fitaomana olona hidina eny amin'ny 13 mey nataon'i Doris Rakoto Samuel, andefimandrin'i Mahery Lanto Manandafy ny alarobia 17 mey lasa teo Ing. Nambinina Raherimampianina. Naiditra am-ponja vonjimaika teny Antanimora ny tenany 48 ora taorian'izany. Nokendrena hitakiana ny fisokafan'ny kianjan'ny 13 mey mba hahafahan'ny olom-pirenena maneho hevitra sy manao fihetsiketsehana an-kahalalahana izany hetsika izany. Mikasika an-dRtoa Doris Rakoto Samuel indray, natao sarika am-pandriana teny amin'ny trano fonenany teny Andoharanofotsy io andefimandrin'i Mahery Lanto Manandafy fantatry ny maro amin'ny hoe Malama io tamin'ny 5 jona lasa teo. Ankehitriny, samy nalefa nody any amin'ny tokantranony avy izy mianadahy ireo.

**Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :



## AVIS DE MODIFICATION

Suivant PV du 09/06/23, enregistré au bureau du CF3 Faravohitra, F° 17 N° 184 Vol. AC 61, l'associé unique de la Sté **SHIMAO MD** a décidé :

- Agrément des nouveaux associés
- Augmentation du capital
- Mise à jour des statuts

G-CL 553/1-1


Ambatovy
Miarahaba ny Malagasy
nahatratra ny Asaramanitra
+261 32 33 665 65
www.ambatovy.com

Madagasikara 63 taona nahaleotena

# 13 ny Filoham-panjakana, 1 nisy namono, 5 naongana na noterena hiala, 1 niala

*"Ny tsara homarihina, nisy tamin'izy ireo no tsy nanaiky niala avy hatrany fa mbola nanao karazana fiarahana mitantana aloha".*

Filoham-panjakana miisa 13 no efa nitantana teto tao anatin' izay 63 taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara izay. Ny zavatra tiana homarihina, ny iray tamin'izy ireo dia maty nisy namono, ny dimy naongana na noterena hiala, ary ny iray hafa kosa nametra-pialàna.

**Maty voatifitra**

Ny filoham-panjakana nisy namono dia tsy iza fa ny Kly Ratsimandrava Richard. Izy ilay nitondra fito andro monja. Ny 5 febroary 1975 izy no lasa filoham-panjakana sady Lehiben'ny governemanta taorian'ny namindran'ny Jly Ramanantsoa ny fahefana feno tany aminy. Raha izy handeha hody eny antokantranony iny ka nihazo teo Ambohijatovo avaratra tany amin'ny 8 ora alina mahery tany dia nisy nitifitra ny fiara nitondra azy ka maty tamin'izany ny tenany sy ireo zandary mpiambina niaraka taminy. Fitondrana tetezamita moa no nisy teto rehefa nirodana ny Repoblika voalohany taorian'ny revolisiôna Mey 1972. Fanonganampanjakana ve no ilazana ity famonoana filoham-pnjkana ity ? Tsy mba ireo mpioko mitam-piadiana notarihin'ny Kly Rajaonarison Bréchard namahatra teny amin'ny tobin'ny GMP (FRS teo aloha) teny Antanimora anefa no nandray ny fahefana tamin'io fa ny "Komitim-pitondrana miaramila" (Directoire militaire) notarihin'ny Jly Gilles Andriamahazo. Ity farany dia minisi-panjakana mpikambana tao anatin'ny Governemanta notarihin'ny Kly Ratsimandrava ihany.

**Naongana**

Tao anatin'izay 63 taona niverenan'ny fahaleovantena izay dia Filoham-panjakana niisa dimy no naongana na noterena hiala. Nahitana izany tany amin'ny Repoblika voalohany, toy izany koa ny Repoblika faharoa, ny Repoblika fahatelo, ary ny Repoblika fahefatra. Filohan' ny Repoblika voafidy daholo izy ireo: Tsiranana Philibert, Filohan'ny Repoblika voalohany. Ny faharoa Ratsiraka Didier, Filohan'ny Repoblika faharoa. Fahatelo Zafy Albert, filohan'ny Repoblika voalohany tao anatin'ny Repoblika fahatelo. Ny fahefatra, Ravalomanana Marc, Filohan'ny repoblika tao anatin'ny Repoblika fahatelo. Ny fahadimy farany, Rajaonarimampianina, Filohan'ny Repoblika tao anatin'ny Repoblika fahefatra. Ny tsara homarihina, nisy tamin'izy ireo no tsy nanaiky niala avy hatrany fa mbola nanao karazana fiarahana mitantana aloha. Ny filohan' ny Repoblika voalohany Tsiranana Philibert, ohatra dia tsy voaongana avy hatrany na dia notakian'ireo mpitolona tamin'ny Revôlisiona 1972 aza ny hametrahany fialàny. Taorin'ny 8 Oktobra 1972, rehefa nandresy ny Referandaoma nametraka ny fitondrana tetezamita sy ny governemanta notarihin'ny Jly Ramanantsoa dia niala ny tenany. Mikasika ny amiraly Ratsiraka Didier indray, tsy nanaiky hiala avy hatrany ny tenany na teo aza ny fitakian' ireo mpitolona notarihin'ny Hery velona teny amin'ny "Kianjan'ny 13 Mey" raha tsy efa resin'ny Profesora Zafy Albert tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika fihodinana faharoa ny taona 1993. Ny Profesora Zafy Albert indray, izay Filoha voalohan'ny Repoblika fahatelo dia naongan'ny latsa-bato nataon'ireo solombavambahoaka tamin'ny alalan'ny fampiatoana ny volana aogositra 1996. Ny Filoha teo aloha Ravalomanana Marc indray, taorian'ny fitakian'ireo mpanao fihetsiketsehana teny amin'ny kiaanjan'ny 13 Mey nampian'ireo miaramila teny amin'ny "Capsat" dia voatery nametra-pialana ny 17 marsa 2009. Farany, mikasika ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, izay notakian'ny "Hetsik'ireo solombavambahoaka miisa 73 teny amin'ny "Kianjan'ny 13 Mey" ny fialàny dia tsy nanaiky niala avy hetrany. Voatery naroso fotsiny ny fifidianana filohan'ny Repoblika ary dia resy tamin'izany ny tenany ny taona 2018.

**Nametra-pialana**


Mikasika ny Jly Ramanantsoa, izay Filoham-panjakana nanomboka ny taona 1972, dia nametra-pialàna ny 5 February 1975. Tsy mba hetsika na fitakiana teny andalambe anefa no nahatonga azy nametra-pialàna. Raha ny filazany tao amin'ny kabariny ny 25 janoary 1975 dia "tsy misy intsony ny firaisankina" teo anivon'ny governemanta. Ny zavamisy ankoatr'izay anefa dia nisy ny fihokoana teny amin'ny toby miaramilan'ny GMP teny Antanimora notarihin'ny Kly Rajaonarison Bréchard, ary ny faramparan' ny taona 1975 dia nisy ihany koa ny fikasana hanongampanjakana.

Fehiny, tsikaritra fa nisy ny zavatra saika niverimberina teto amin'ny firenena tao anatin'izay 63 taona niverenan'ny fahaleovantena izay. Ny tena natetika tamin'izany dia ny Filohan'ny repoblika naongana na noterena hiala.

**L.R.**

Filoha Rajoelina - Minisitry ny Raharaham-bahiny Japoney

# Voaresaka ny tetikasa Ambatovy sy ny fampandrosoana



**Toy izao ny fihaonan'ny Filoha sy ny Minisitry ny Raharam-bahiny Japoney tao Paris.**

Taorian'ny lanonam-pamaranana ny Fihaonana an-tampony mikasika ny fifanarahana ara-bola vaovao maneran-tany izay natao tao Paris, dia nihaona tamin'ny Minisitry ny Raharaham-bahiny Japoney, Atoa Hayashi Yoshimasa, ny Filoha Andry Rajoelina. Navohitran'ny roa tonta nandritra izany ny fanamafisana ny fifandraisana sy ireo seha-piarahamiasa efa misy eo amin'i Japon sy Madagasikara. Voaresaka ihany koa ny tetikasa Ambatovy amin'ny alalan'ny famokarana zezika « sulfate d'ammonium » omena ireo tantsaha mba hanatsarana ny vokatra. Nampatsiahivin'ny Filoham-pirenena fa manana adidy ireo tetikasa goavana toa an'Ambatovy hitondra fanovana sy fampandrosoana eo anivon'ny Faritra misy ny fitrandrahana izay ataony. Naneho ny fahavononany hanamafy ny fiaraha-miasa momba ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny voka-bary eto Madagasikara kosa i Japon. Tafiditra ao anatin'izany ny fanatsarana ny tekinikam-pambolena sy fanomezana fitaovana. Ankoatra ireo, miara-miasa ihany koa ny firenena roa tonta amin'ny fiarovana sy fanaraha-maso ny fari-dranomasin'i Madagasikara. Raha tsiahivina, sambo haingam-pandeha 5 no natolotry ny Governemanta Japoney ho an'i Madagasikara, ka ny roa amin'izany efa am-perinasa ary ny 3 hafa ho avy tsy ho ela eto amintsika. Eo koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanamboaran-dalana. Marihina fa ny JICA no mpiara-miombon'antoka amin'ny fanamboarana ireo tetezan'Antsapazana sy Mangoro amin'iny lalampirenena faha-2 iny.

**JUDD**

Fitetezam-paritry ny depiote Siteny R.

# Mihava Tour 16 voasakantsakana, saingy tanteraka hatramin'ny farany hatrany

Leo fangejana, io no ambetindresaky ny vahoaka nihaona tamin'ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko sy ny ekipany, nandritra ny Mihava Tour. Fitetezam-paritra miisa 16 no fanatatra fa tontosa ary voasakantsakan'ny mpitandro filaminana hatrany. Saingy ny zava-nisy, araka ny fanamarihan'ny mpanomana dia tontosa hatramin'ny farany avokoa ny fihainoana ny olana sedrain'ny olompirenena, taorian'ny fifandresen-dahatra, eny nisy tonga hatramin'ny fampiasan-kery sy fanaparitahana fitaovana mahery vaika mihitsy, nandravana ny hetsika. Ny akaiky indrindra dia ny Mihava Tour tany Morondava, tamin'ny alahady 11 jona 2023 lasa teo. Tsiahivina fa tamin'ny 9 ora maraina no vonona ny toerana nandraisana ny Mihava Tour tao Morima, raha tamin'ny 3 ora tolakandro no napetraka mialoha hihaonan' ny vahoaka amin'i Siteny Randrianasoloniaiko sy ny depiote miara-dia aminy. Marihina fa na dia fantatra fa tsy mifanaraka amin'ny soatoavina demokratika sy manohintohina ny fahalalahana maneho hevitra aza ny fepetra napetraky ny minisitry ny atitany, Justin Tokely dia narahin'ny mpikarakara antsakany sy an-davany izay voalazany toy ny hoe: mikatona ny toerana tao Morima, voahodidina tamboho ary mitafo. Voarakitra tao anaty taratasy fangatahana ny valin-tenin'ny prefet, milaza fa « hita sy ekena », ny 8 jona lasa teo. Nanaiky ihany koa ny prefet fa azo atao ny manao diabe amin'ny lalana mirefy 400 metatra, mampitohy ny arabe amin'ny Morima. Akory anefa ny hagagan'ny rehetra fa nanomboka tamin'ny 1 ora sy sasany dia zandary sy pôlisy efa ho 30 lahy no tonga tampoka manoloana ny vavahady ary nanakatona izany. Misaron-tava mampivarahontsana ny maro tamin'izy ireo izay tsy hamela ny olona hiditra sy hivoaka.

**Nampitandrina ny zandary!**

Ny prefet mihitsy no voalaza fa nitarika ireo 30 lahy mirongo fiadiana. Araka ny fanamarihan'ny mpanomana, izay olona teny andàlana hamonjy ny toerana dia nosakanana avokoa teny amin'ny barazy natsangan' izy ireo. Ny zava-nitranga anefa dia nohidiana tao Morina ireo vahoaka. Naharitra adiny 2 mahery ny fandresen-dahatra ny prefet. Tamin'ny 3 ora sy sasany no nigadona teo amin'ny barazy ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko, niaraka amin'ny vahoaka marobe ary ireny niaraha-nahita ireny ny zava-nitranga. Nampitandrina ireo zandary izay efa vonona saika hanapoaka baomba "lacrymogène" ny tenany, ka tsy nisy ny latsadranomaso tamin'ity indray mitoraka ity. Tany Nosy Be sy Ambilobe Sirama dia nampiasa vovoka manempotra naparitahana vahoaka ny zandary. Tany Fenoarivo Atsinanana, ny 10 marsa lasa teo dia nosakanan'ny zandary ny fananganana lapihazo, saika andraisana ny Mihava Tour tao Ampasimbe. Tany Tsiroanomandidy indray dia nanaiky ny anaovana Mihava Tour ny OMC, saingy ny governora no nisakana. Tao Mananjary no tena natahoran'ny mpitondra satria tsy navela handray ny sidina miala ao Ivato mankany antoerana ny depiote. Ny marainan'ny andro nanatontosana ny hetsika indray dia zandary sy polisy ary miaramila efa ho 200 mahery no voatery nifoha tamin'ny 4 sasany maraina, nihodidina ny lampihazo saika handraisana ny Mihava Tour. Nandika lalàna tanteraka ny fanjakana satria toerana an'olon-tokana no nitsahin'izy ireo sy nanaovany barofo ary nolazaina fa faritra mena. Tao Manakara indray dia noraràn'ny mpitondra ny fitsenana ny ekipan'ny Mihava Tour teny amin'ny seranam-piaramanidina ary noravan'ny zandary sy ny miaramila ny fampisehoana niarahana tamin'ny Lico Kininike tany am-pamaranana.

**Barazy efatra!**

Tsiahivina fa taorian'io Mihava Tour tany Manakara io no namoahan'ny minisitra Tokely Justin ilay fanakanana ny famoriam-bahoaka ankalamanjana. Antony nahatonga ny fianakaviambe irasam-pirenena, nivoaka tamin'ny fahanginany, ny 4 aprily lasa teo.

Tany Andapa sy Sambava ary Antalaha dia nitohy hatrany ny sotasota, toy ny fandravana ny « chapiteaux » efa mitsangana, sy ny fanakanana ny radio tsy handefa ny fampilazana ny Mihava Tour ary ny fanembatsembanana ny « facebook ». Tao Mahajanga dia nisy ihany koa ny fisomparana ny fiaramanidina mitondra ny depiote, tamin'ny alàlan'ny fanafoanana ny fahazoandalana hanidina tamin'ny ora farany. Teny an-dàlana indray dia barazy 4 be izao no nataon'ny zandary tamin'ny lalam-pirenena faha-4. Nitohy hatrany ny sotasota tany Marovoay ka olona 3 nitondra fiara nanaovana fanentanana no notanan'ny zandary tany amin'ny violon, nandritra ny adiny dimy. Tany Ambato Boeny, dia niatrana teo am-bavahady koa ireo zandary mirongo fiadiana, saingy tsy nampihemotra ny vahoaka ho tonga maro izany. Anisan'ny filambaniny nahatsikaiky ny rehetra ny fandrarana ny ekipan'ny Mihava Tour tsy hampiasa « drone ». Tao Ampanefena dia ny "sonorisation" no nilan'ny zandary vaniny hoe tsy maintsy atao anaty trano. Tery dia tery nefa ilay toerana tokana nahafahana nandray ny Mihava Tour ka voatery nasiana vata fahitalavitra sy fanamafisam-peo mafy be teny an-davarangana. Tao Ambilobe sy tao Ambanja dia ny tompon'ny toerana handraisana ny Mihava Tour no nanaovan'ny zandary ramatahora. Na izany aza anefa dia nizotra araka ny tokony ho izy hatrany ny hetsika. Marihina fa anio no hotanterahana any Parisy ny fihainoan'ny depiote Siteny randrianasoloniaiko ny sosokevitry olom-pirenena Malagasy any ivelany, hampandrosoana ny tanindrazana

**V.R.**

SYNDPERS-MESUPRES

# Hivoaka amin'ny 25 jolay ho avy izao ny didim-pitsarana

*''Ireo satan'ny mpiasam-panjakana koa dia mamela ny sendikà hanao grevy''*

Nahazo fahafahana vonjimaika avokoa ireo mpiasa dimy miarahalahy izay mivondrona eo anivon'ny SYNDPERS MESUPRES niakatra fampanoavana teny anivon'ny fitsarana Anosy ny alakamisy teo. Tonga nilanja sorabaventy teny anoloanan' ny lapan'ny fitsarana avokoa ireo mpiasa izay manohana ny hetsi-pitakiana ny alakamisy teo. Fantatra fa hivoaka amin'ny 25 jolay ho avy izao ny didim-pitsarana azy dimy lahy ireto.*''Tsy ara-dalàna araka ny lalampanorenana article 33 dia manome alalana ny mpiasa hanao grevy. Toy izany koa ny satan'ny fonksionera article 11. Amin'ireo dia mazava fa tsy misy hetsika na fitakiana ataon'ny mpiasa izany ka mila fahazoan-dalana rehefa hanao grevy. Mila mampandre 48 ora amin'ireo tompondraikitra isan-tsokajiny izay nohajain'ireo mpiasa ireo izay. Ireo satan'ny mpiasam-panjakana koa dia mamela ny sendikà hanao grevy. Tsy ara-falàna ny fisamborana an'ireo namany ireo ka mitaly ny hamotsorana azy ireo tsy misy hatak'andro izahay''*, hoy Atoa Herizo Ramanambola, filohan' ny Firaisankina Sendikaly eto Madagasikara.

**Zo fototra**

Nohamafisin'ity farany fa misy fanitsakitsahana zo fototra ara-tsendikaly eto Madagasikara ''*koa miantso ny mpitandro filaminana izahay mba hiroboka ao anatin'ilay izy. Fantatro tsara aloha ny hoe zo ara-tsendikaly no nataon'ilay olona vao mampifangaro ny baiko sy ny fitoriana voaray ianareo. Raha ny voalaza amin'ny fitoriana dia ny DLC-n' ny Primatiora no tokony hisolo tena ny fanjakana amin'ny fitoriana, hafa indray raha "droit commun" izay tsy misy hidiran'ny fahafahana sendikaly ilay izy ka zavatra hafa tsy tokony hifangaro mihitsy izany*", hoy hatrany ity nitafa tamin'ny mpanao gazety. Nohamafisiny fa *''tsy nanaraka ny lalàna ny fiantsoana azy ireo nanatrika fanadihadiana izay ambara fa nanao hetsika tsy nahazoana alalàna sy fanitsahana ny lalànan'ny asa izay ambaran'ny lalam-panorenana fa azo atao"*, hoy ny SSM. Tsiahivina fa olona dimy amin'ny mpiasan'ny MESUPRES no niatrika ny fanadihadiana teny amin'ny fitsarana Anosy ny alakamisy teo. Araka ny vaovao efa navoakan'ny Gazetiko dia ny roalahy tamin'ireo dia nosamborina taorian'ny hetsika nataon'ny mpiasa teny amin'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony ary ny telo kosa dia nomena fiantsoana teny anivon'ny Zandarimariam-pirenena Fiadanana.

**Heriniaina A.**

Fanantenana FAFI V

# Nanampy an'ireo tokantrano marefo



**Samy nahazo ny anjarany avokoa ireo Renim-pianakaviana.**

*"Amin'izao ankatoky ny fetin'ny Asaramanitra dia fifaliana ho anay fikambanana mpanao asa soa Fanantenana FAFI V no manolotra fanampiana aho an'ireo tokantrano marefo ara-pivelomana izahay. Ho entina mankalaza ny ferim-pirenentsika dia ny 26 jona 2023 dia nanolotra an'ireo entana liana amin'ny fiainana andavanandro : menaka, savony, macaroni niampy arendrina ho an'ny ankizy. Nomena vary be menka niampy akoho nilaofana izany ihany koa ireo mpisitraka rehetra; nisy koa nomena ranomboankazo"*, hoy Rtoa Hanitriniala Fanantenana Raholdina, filohan'ny fikambanana FAFI V mpanao asa soa ao amin'ny Boriboritany fahadimy omaly. *"Faly izahay tompoko satria tsy mba adinon'ny Solombavambahoaka mivady amin'izao Asaramanitra izao. Tena manana Raimandreny tokoa izahay satria eo foana izy ireo isaky ny misy fety"*, hoy kosa ny Renim-pianakaviana iray izay nisitraka ny fanomezana. Nozaraina roa andro moa ireo tokantrano marefo ara-pivelomana notolorana fanampiana ka samy endrika mirana avokoa no hita teny amin'ireo rehetra nahazo an'izany. *"Mitondra ny teny fisaorana avy amin'ireto fokonolona isam-pokontany ireto aho tamin'ny fanomezana hanim-pitoloha anay"*, hoy kosa ny solontenan' ireo sefo fokontany nandritra ny fandraisana fitenenana. Amin'ny ny mahafety ny andro moa dia notolorana solombodiakoho koa ireo Zokiolona rehetra isa-pokontany izay efa fanaon'ny fikambanana isan-taona.

**Heriniaina A.**

Sekoly ambony UCM

# Nampahafantatra ny tantara sy tolon'ny tantsaha tany atsimo

*"Ity fampirantina ity dia fampahafantarana ny tolon'ny tantsaha tamin'ny 01 aprily 1971 tany atsimon'ny Madagasikara. Ny mpianatra siansa politika eto anivon'ny master I sy II. Ao anatin'ny taranjan'ny mpianatra mandalina ny Sciences Po dia misy taranja momba ny antoko politika sy ny fiarahamonim-pirenena ka anisan' ny fampiharana izao hitanareo izao"*, hoy Atoa Bearisoa Rakotoniaina, mpampianatra ao amin'ny "Université Catholique de Madagascar" taminay. Raha ny fanadihadiana nataonay teny amin'ity anjerimanontolo tsy miankina amin'ny fanjakana ity sy ny anton'izao latabatra boribory izao dia natao *"nandraisana io lohahevitra io ho hadihadiana na nisy safidy maromaro aza dia vitsy ny mpianatra na ny tsy mpianatra eto aminay eny na ny olon-dehibe no nahafantatra an'io tolona aprily 1971 io. Izay no nahatonga ny safidy nadraisana an'io lohahevitra ho voizina sy hampahafantarina ny Malagasy an'io tolona io. Ity farany dia nampiseho ny fitiavan-tanindrazana,*



**Atoa Monja Roindefo nanazava ny zava-nisy isaky ny sary tahiry.**

*anisan'ny hakana lesona, hahafahana manatsara ny ho avy ka ampahafantarina hoe: inona ary no zavatra niseho tamin'izany? Iza avy ireo nandray anjara? Inona no tao ambadik'io hetsika io? Ary inona no akon'izany amin'izao fotoana izao? Izay no ezahanay havohitra amin' izao fampirantina izao"*, hoy kosa Atoa Tandrify Fialofana Randriamaromanana izay mpitarika ny mpianatra ao amin'ny siansa politika UCM. Ny tanjon'ny hetsika dia fampahafantarana ny tantara sy ny lasa, fampahafantarana ny tantaram-pirenena Malagasy izay zava-dehibe. Ny olom-pirenena tsy mahafantatra ny tantarany dia toy mitsingevana ihany ka tsy afaka manadihady ny zava-misy ankehitriny no tsy afaka manombana ny zavatra ho avy.

**Maha-Gisitra**

*"Ny zava-nitranga tamin'ny 1 aprily 1971 dia ilay hetsi-bahoaka tany atsimo izay nitarika ny firodanan'ny fitondrana Repoblika voalohany. Nitakian'ny olona ny nanafoanana ny hetra no voaresaka betsaka indrindra fa teo koa ny tsy rariny, ny tsindrihazolena fa ny rafi-pitondrana tamin'ny ankapobeny no nahatonga ny olona nihetsika tamin' izany. Ny ankamaroan'ny Malagasy indrindra ny tanora amin'izao fotoana izao dia izay no nahatonga an'ireo mpianatra manao ny siansa politika ny UCM nandrafitra latabatra nifanakalozankevitra mikasika an'io lohahevitra io. Mbola maro ny zava-nisy tokony mbola ho karohana sy tokony ho fantarin'ny tanora Malagasy fa ny firenentsika mihitsy no mila jerena ireo hevitra nofonosin'ny tantara sy ny zavatra notakiana ankehitriny izay mbola mahagisitra an'i Madagasikara sy ny faritra atsimon'ny Nosy"*, hoy Atoa Monja Roindefo izay Praiminisitra teo aloha nisolo tena ny antoko Monima sy taranaky ny mpitarika ny hetsi-bahoaka tany atsimo nanatrika an'ity latabatra nifanakalozan-kevitra ity. Nandritra ny roa andro dia ny alakamisy 22 sy zomà 23 jona 2023 teo moa nanaovana an' ity hetsika ity ary nanatrika izany ity Praiminisitra teo aloha ity.

**Heriniaina A.**

Fiangonana Rhefi

# Nizara sakafo ho an'olona sahirana 1 300



**Ny pasitera Adolph Randrianaivoravelona, Filohan'ny filankevi-pitantanana eo anivon'ny fiangonana Rhefi.**

Ao anatin'ny fankalazana ny faha-18 taona niorenany teto ny fiangonana Rhefi madagasikara amin'izao fotoana izao. Hetsika maro no efa nomanin'izy ireo hiatrehana izany. Ankoatra ny fotoam-bavaka lehibe, sy ny fanaovana batisa an'ireo mpino ao aminy, dia manao asa sosialy maro samihafa ihany koa izy ireo. Olona sahirana manodidina ny 1 300 teto Antananarivo no nozarain'ny fiangonana sakafo masaka ny talata 20 jona teo. Tsy teto Antananarivo ihany fa nitohy tany amin'ny faritra ny fanaovan'izy ireo asa sosialy, tahaka ny fanadiovana kaominina, sns. Notsiahivin'ny pasitera Adolph Randrianaivoravelona, filohan'ny filankevi-pitantanana eo anivon'ny fiangonana Rhefi eto Madagasikara, fa ny 13 aogositra izao ny ivon'ny fankalazana ny faha-18 taona nijoroan'ny fiangonana ka eny Antsonjombe ny ambohi-pihaonan'ireo mpino marobe manerana ny faritra amin'izany.

**Niry R**

Vondron'olona marefo amin'ny VIH

# Nihatsara ny fandraisana an-tanana azy ireo

Namoaka fanadihadiana faharoa mikasika ireo vondron'olona marefo amin'ny fahazoana ny tsimok'aretina VIH-SIDA ny SYCAVI (Système Communautaire d'Alerte sur le VIH). Navohitry ny fanadihadiana, izay natao teo anelanelan'ny oktobra 2022 ka hatramin'ny aprily 2023, fa nihatsara ny fandraisana an-tanana azy ireo tamin'ny ankapobeny raha noharina tamin'ny vokatry ny fanadihadiana azo tamin'ny taon-dasa. « *Nihatsara ohatra ny fahafahan'izy ireo mahazo fimailo sy mijery ny toe-pahasalamany amin'ny alalan'ny fanaovana fitiliana eny anivon' ny toeram-pitsaboana na ny fanaovan'izy tenany ihany ny fitiliana. Ny fitsaboana ireo efa mitondra ny tsimok' aretina no nahitana fihemorana no tsy fahafahan'ireo mpitsabo matetika amin'ny fandraisana azy ireo.* », hoy Iliassa Rabiata, tomponandraikitry ny serasera ao amin' ny SYCAVI. Mpampamofana vatana sy lehilahy miaraka amin'ny lehilahy ary mpitsindrona zava-mahadomelina sy olona mitondra ny VIH manodidina ny 1 000 avy eto Antananarivo sy avy any Atsirananana, Mahajanga, Toliara, ary Toamasina no nanaovana ny fanadihadiana. Natolotra ireo mpiasan' ny fahasalamana sy ireo mpiara-miombona antoka tamin'ity herinandro ity ny voka-panadihadiana.

**R. Muray**

CNaPS

# Notanana vonjimaika eny am-ponja ny Tale jeneraly mpisolo toerana Tsaboto Joslina

*Fanaovana kolikoly tamin'ny fampidirana mpiasa ?*



Ny alakamisy lasa teo, niakatra fampanoavana teo anivon'ny fitsarana manokana miady amin'ny kolikoly na PAC ny tale jeneraly mpisolo toeran'ny CNaPS Rtoa Tsaboto Joslina. Tamin'ny 2 maraina, nivoaka ny didy ary notanana amponja vonjimaika eny Antanimora izy. Antony voalazan'ireo mpiasa tratra antso fa nahantonga izao fiampangana izao ny fanaovana kolikoly tamin'ny fampidirana mpiasa. Zavatra izay nambaran'ireo mpiara-miasa aminy fa tsy tokony hitombona satria olona faran'izay hentitra sy sarotiny izy raha amin'ny tontolon'ny asa. Nirava tamin'ny 12 daholo kosa ny mpiasa omaly ary amin'ny talata vao miverina miasa daholo noho ny fetin'ny asaramanitra. Taorian'ny olana nosedrain'ny CNaPS tamin'ny tale jeneraly teo aloha, nomena andraikitra hitantana vonjimaika ny CNaPS Rtoa Tsaboto Joslina ny 13 aprily 2022. Efa nandeha tany amin'ny minisiteran'ny asa, fampananan'asa ary ny asam-panjakana ny filakevi-pitantanan'ny CNaPS nanontany izay ho fanohizana ny asa fanao isan'andro saingy tsy mbola nahazo valiny hatramin'ny ora farany nanoratanay.

**Nath**

CEPE 2023

# 86,75% ny taham-pahafahana ho an'ny Cisco Andramasina

Nanomboka nivoaka omaly ny voka-panadinana CEPE ho an'ny CISCO sasany eto Antananarivo. Anisan'ny tsara ny vokatra ho an'ny Cisco Andramasina izay nahatratra 86,75%. Ho an'i Manandriana kosa nahatratra 78,77% ny taham-pahafahana. Tsara torak'izay ihany koa ny voka-panadinana ho an'ny Cisco Ambatolampy izay nahatratra 78,12%. Azo lazaina ho ambany kosa ny taham-pahafahana ho an'i Besalampy sy Kandreo izay samy latsaky ny 50% ka 46,65% ho an'i Besalampy ary 46,57% ho an'i Kandreo. Ho an'ny Cisco Avaradrano, efa miditra amin'ny "délibération" izy ireo androany ary miandry "validation" avy any amin'ny minisitera foibe vao mivoaka ny vokatra ofisialy. Tsiahivina fa havoaka mialohan'ny 26 jona 2023 ny voka-panadinana manerana ny Nosy. Tsiahivina fa ny 25 jona mihitsy vao nivoaka ny voka-panadinana CEPE Antananarivo Renivohitra tamin'ny taona 2022.

**Nath**

CTmotors - PAMF

# Hampiroborobo ny asam-pitaterana

Vita sonia omaly teny Andraharo ny fifanarahampiaraha-miasa teo amin'ny CTmotors sy ny PAMF (Première Agence de Microfinance). Hifanome tanana amin'ny fampiroboroboana ny famoroanana asa eo amin'ny sehatry ny fitaterana ny roa tonta. Misy ny tolotra fampindramam-bola omen'ny PAMF hahafahana mividy fiara ao amin'ny CTmotors. Natao ambany ny tahan'ny zanabola ary tsy mila manana renivola ireo maniry hampiasa ny tolotra. *"Ity tolotra ity dia natao hanampiana ireo mpamily "Tuktuk" mba hahaleo tena sy hanana ny fiara fiasany manokana."*, hoy ny tale jeneralin'ny CTmotors, Reza TAHORA. Misokatra ho an'ireo mpitatitra mampiasa "Tuktuk" manerana ny Nosy ity tolotra ity. *"Anisan'ny nanosika ny andaniny sy ny ankilany hiara-hiasa ny fananana vina mitovy handray anjara amin'ny fampihenana ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara."*, hoy ny tale jeneralin'ny PAMF, Guy Ratsimbazafy. Nosokafana ho an'ny daholobe manana fanirina hividy fiara koa ny fiaraha-miasan'ireto orinasa roa ireto. Marihina fa ny CTmotors dia miara-miasa sy manaparitaka ny marika fiara Great Wall Motors, Kawasaki, Haval, sns, ary mbola miaramiasa sy manaparitaka ireo môtô na "Tuktuk" mitondra ny marika "APC City Nxt", Boxer, ary Loncin.



**Nomena tombon-dahiny ireo mpanao asam-pitaterana.**

**R. Muray**

STAR Tour Tana

# Hanafana ny fotoana anio i Ceasar sy Lion Hill

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy omaly tamin'ny 11 ora maraina ny hetsika Star Tour Tana izay tanterahina etsy amin'ny Coliseum Antsonjombe. Hahatritra hatelona ny fety ka nisy ny fanomezana manokana omen'ny Star ho an'ireo ankizy 70 tonga voalohany izay notolorana harendrina sy ireo olondehibe ihany koa. Fety roa sosona no atao satria misy ny fanamarihana ny 70 taonan' ny Star sy ny fankalazana ny asaramanitra. Nisantatra ny fampisehoana omaly ny tarika Ambondrona sy Mad Max izay hita fa samy nankafizin'ny olona tokoa ary nalaina nisaraka ny rehetra. Tsy latsa-danja ihany koa anefa ny fanentanana narahina kilalao ary ny animation DJ. Samy nahazo izay tandrify azy ny rehetra satria ankoatran'ny fampisehoana, nisy ihany koa ny toerana voatokana hialana hetaheta sy hanandramna ny vokatra vokarin'ny Star rehetra. Tsy ho latsa-danja amin'ny zavatra iseho omaly ny hitranga anio satria hiakatra antsehatra indray i Ceasar sy Lion Hill hanafana ny lanonana. Ny tarika Fou Hehy sy Andry Barhone hitety ireo toerana fialana hetaheta hiaraka amin'ny kilalao. Hamarana ny hetsika rahampitso alahady kosa ny tarika kalaza toa an'i Stéphanie, LJo ary Samoela. Mba hanomezana fahafahampo ny rehetra, nisy ny fepetra manokana noraisin'ny mpikarakara ka natao mifankahita ny toerana misy ny scène sy ny fanaovana animation. Nohamafisina ihany koa ny fandriam-pahalemana mba samy hifety anaty filaminana sy fitoniana ny rehetra. Tsy latsa-danja ihany koa anefa ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fahadiovana amin'ny fametrahana ny fitoeram-pako kopakelatra.



**I Seheno Randriambolamanana, talen'ny serasera eo anivon'ny Star.**

**Nath**

Banky iraisam-pirenena

# Namoaka rafitra iadiana amin'ny fahantrana

Mpiara-miombona antoka maharitra amin'ny fampandrosoana eto Madagasikara ny Banky iraisam-pirenena. Nampahafantarina omaly tao amin'ny foibeny eny Anosy tamin'ny alalan'ny hetsika fampirantiana niaraka tamin' ny asa vitany ny rafitra fiarahamiasa vaovao mandritra ny dimy taona ho avy eto Madagasikara. *"Tsy diso firenena mihitsy ny Banky iraisam-pirenena eo anatrehan'ny tahan'ny fahantrana maherin'ny 75 isanjato eto Madagasikara. Miompana amin'ny teboka telo ny paikady hoentinay, dia ny fampiroboroboana ny famoronana asa, ny fanamafisana ny harena maha olona, ary ny fanamafisana ny fahaizana miatrika ny loza eto amin'ny firenena. Mifanahatsahana ny tahan'ny fitombon'ny harinkarena sy fitombon'ny mponina, koa raha te handroso i Madagasikara dia mila ihoarana ny 3,5 isanjato tahan'ny fitomboan'ny harinkarena ankehitriny. Zavadehibe ny firosoana amin'ny fanovana ny fomba fitantanana toy ny eo anivon'ny JIRAMA, izay mila mpitantana matihanina hanao ny fanarenana."*, hoy ny solontena maharitry ny Banky iraisam-pirenena eto Madagasikara teo aloha, Marie Chantale Uwanyiligira. Omaly no nanaovana veloma ity tompondraikitry ny Banky iraisam-pirenena ity taorian' ny iraka nampanaovina azy nandritra ny efa-taona teto Madagasikara. Voatendry hiandraikitra ny Banky iraisam-pirenena any Côte d'Ivoire ny tenany.

**R. Muray**

Orinasa mpikojakoja lalana

# Vonoina tanteraka, ny vahiny indray no mahazo ny asa

*"Araka ny teninao Atoa Filoham-pirenena dia averina hatrany ny tamin'ny taona 2022 fa tsy fombako ny hamono orinasa Malagasy izany. Kanefa raha ny zavamisy amin'izao fotoana izao tena vonoina tanteraka ny entreprise Malagasy tompoko. Raha ny hita amin'iny lalam-pirenena fahefatra iny dia tsy mahita orinasa madinika Malagasy miasa fa ny orinasa vahiny no mihofahofa any ny sainy manao ny asa, satria tsy natao ho an'ny orinasa Malagasy ny fikojakojana ny lalana fa vonoina tanteraka ny orinasa Malagasy. Izay nahavita nandritra ny taona maro sy*

> "Raha ny hita amin'iny lalam-pirenena fahefatra iny dia tsy mahita orinasa madinika Malagasy miasa".

*fitondrana rehetra nifandimby teo no sady nahavita be ary tamin'izany dia zéro ny lavaka ny lalam-pirenena"*, hoy Atoa Ralida, nitondra ny tenin'ireo tompona orinasa Malagasy andro vitsy lasa izay. Fantatra fa hatramin' izao dia ny 50 isanjaton'ireo orinasa mpanamboatra sy mpikojakoja lalana no tsy mbola nahazo ny volany. Isan'ny antony nampitaraina an'ireto orinasa Malagasy ireto nitaky ny volany ny tsy fisian'ny mangaraharaha tamin'ny fandoavana ny vola ka ireo orinasa vitsy an'isa raha mitaha amin'ny orinasa maro kokoa tsy nahazo ny volany no notsongain'ny fitondram-panjakana ka naloa ny vola.

**Tena loza**

Ny tena loza aza hoy ireo nitafa tamin'ny mpanao gazety dia *"taorian'ny nitenenanao iny Rtoa Minisitry ny vola sy ny tetibola hoe : 15 andro dia tonga avokoa ny fitoriana, naharay fiantsoana teny amin'ny tribonaly izahay ireo. Satria maro aminay ireo no nanao chèque sans provision napetraka ho antoka tany amin'ny fournisseur. Maro aminay ireo no nanao fifanarahana tamin'ny banky ka hoe: mandainga ianareo fa efa azo ny volanareo ka aloavy ny volanay ary dia nahazo fiantsoana teny amin' ny fitsarana ka any isika no mihaona. Izany no mahazo anay ireo tompoko amin'izao fotoana izao"*, hoy hatrany Atoa Ralida. Araka izany miaina ao anatin'ny fitaintainana sy fijaliana hatrany isan'andro isan'andro ireto tompona orinasa Malagasy ireto noho ny tsy mbola nahazoana ny volan'izy ireo. Efa nandritra ny taona maromaro izy ireo no nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety saingy hatreto dia toy ny miteny an'efitra hatrany ary efa nisy tamin'ny naman' izy ireo no namoy ny ainy noho ny tsy fahasalamana sy ny tsy nisian'ny vola teo ampelatanana.

**HAR**

# A vous la parole

## Rakotondrabe Romuald (Rôrô)

# " Tsy mpanao pôlitika, misokatra amin'ny olona rehetra ny tenako "

***- Manao ahoana ny toe-pahasalamana sy ny toe-ponao andro vitsy taorian'iny ady sahala tamin'i Ghana teo iny ?***
***Coach Rôro*** : Salama tsara, isaorana an'Andriamanitra. Tonitony soa ihany fa tsy resy, nanahirana raha vokatra hafa ary efa fantatra ny mety ho tohiny.

***- Ireo mpilalao "cadres" tsy voaantso farany teo, toa an'i Loic, Rayan sy Marco, mety ho tafaverina amin'ny fihaonana amin'i Ghana ?***
***Coach Roro:*** Ny azokoa antoko dia teraka zoma ny vadin'I Rayan dia tonga teto ny alahady izy njery baolina dia lasa ny alatsinainy. Tonga nanatrika sy nanohana ny mpiara-milalao taminy izy. Mahakasika an'i Lapoussin sy Ilaimaharitrta indray dia miakina amin'ny fahasalaman-dry zareo. Tokony ho tonga zareo raha matanjaka tsara.

***- Manao ahoana ny fiaraha-miasanao amin'i Rado Rasoanaivo Tale teknika Nasionaly ?***
***Coach Roro***: Izy no lehibehako, izaho sy Rado efa mpinamana, mpiara-milalao taloha ary mpiara-miasa amin'izao. Mandeha tsara, misy soso-kevitra sy fifanakalozan-kevitra tsara.

***- Antony tsy nampijoroana an'i Koloina kanefa tany amin'ny CHAN izy nataonao tompon-toerana ?***
***Coach Roro***: Ho anareo mpanao gazety, marina fa tia handafo ny entam-barotra ianareo saingy miangavy, ireny zavatra noresahana momba azy andro visy mialoha ny lalao ireny dia misy fiantraikany ratasy foana. Olombelona izy dia hita ho niarina saingy tsapanay teknisiana fa niteraka vesatra ho azy izany. Miteny aho androany fa ny antony tsy nampialaovana azy dia fiarovana azy. Afaka miresaka azy isika rehefa vita ny "match" fa mba nandrasana aloha ho vita ilay lalao. Noho ny endri-dalaço teny an-kianja no tsy nahafahana nampiditra azy intsony satria raha tsy nampilalaovana izy dia efa tsy nampiankajoana. Ny "physionomie" no antony, izay nahatonga an'I Tsiry taraiky ihany koa vao nampidirina. Niezaka ary raha azoko atao ny miaro foana ireny mpilalao ireny ny tenako.

***- Aiza Raniry tsy nantsoina nanampy anao ?***
***Coach Roro***: Mpanazatrako tao amin'ny BFV izy, efa somary lehibe sy Ray aman-Dreny. Ny mpanazatra nantsoiko dia hahafahana mandray zavatra, hitondra "plus" ho ahy sy ny "staff", mba ho an'ny baolina kitra sy ny hoaviny. Gilles hugon dia efa Tale-ko teny amin'ny Barea Academy U-17 tamin'ny 8taona lasa izany. Niangavy iarahiasa tamiko izy izay tsapako fa betsaka ny ho azoko avy amin'ireto mpanampy ahy ireto. Mitovy amin'ny resaka "expa" sy "locaux" izany , asa no atao ary efa haiko tsara ny fisainana sy ny zavatra entina ary afaka manampy ahy. Safidiko manokana izany izay tsy sanatria manambany ny mpanazatra Malagasy. Ankoatra izay, mety misy zavatra tsara azon'ireo teknisiana gasy amin'ireto mpanazatra vahiny ireto hankanesana any amin'ny "haut niveau", izay miainga amin'ny bitika sy kely. Ireny hatrany anefa no hahafahana mandroso sy mikisaka kokoa.

***- Inona no antony hiantsoana ireo mpialalo zokiny***
***Coach Roro:*** Misy antony tokoa, Romain Métanire dia efa nanaraka azy tamin'i Barea izaho na dia mbola taty ivelany aza. Ireo mpilalao rehetra dia nahita hoe ahoana ny fitondrantenany rehefa eny ankianja, any amin'ny hotely sy rehefa miaraka amin'ny ekipa, izay tena ilain'ireo mpilalaontsika izany indrindra ny mpilalao avy eto antoerana. Raha izaho no hanontaniana, tafiditra anatin'ny mpilalao 3 mendrika izy tamin'iny fihaonana tamin'I Ghana iny.Toa izany koa Ibrahim Amada, tsy tao anaty lisitra tamin'ny voalohany, noresen-dahatra hoe andao hiasa ka raha tafaverina ny tanjaka anatin'ny 10 andro nanomanana dia mety. Nahita izahay fa tonga maraina sy hariva nanome ny tsara izy saingy tsy afaka najoro voalohany,

***- Manao ahoana ny fifandraisanao sy Nicolas Dupuis, mbola miditra ihany sa efa tena mahaleo tena tanteraka ianao ?***
***Coach Roro***: Nicolas Dupuis dia mpanazatra, fantany ny asan'ny mpanazatra izany. Mpiara-miasa izahay, mpinamana, izaho taloha nanaja azy dia amin'izao koa izy manaja ahy. Tsy misi idiran'I Nicolas Dupuis intsony ny Barea amin'izao, ny fifandraisanay indray tsy tokony hiova.




***- Hita miaraka amin'ny mpanao politika ianao. Roro ve manao politika ?***
***Coach Roro***: Tsia, coach Roro tsy mpanao poltika. Misokatra amin'ny olon-drehetra ny tenako. Nisy fotoana nantsoin'ny Pdt Tota, izay filohan'ny ligin'Analamanga, filohan'ny CFFA ny tenako fa hotokanana ny kianja CFFA eny Andoharanofotsy. Betsaka ireo manasa ahy saingy rehefa malalaka ny fotoanako dia mandeha za fa tsy misy loko politika fa mjanona anaty baolina kitrra . Zay nampianari'ny Ray aman-dReny taloha hoe raha misy manome dia mahaiza misaotra.

***- Nanao ahoana ny "integration"anao tao anatin'ny ekipam-pirenena ?***
***Coach Roro***: Rehefa miova zavatra fitantanana dia ny hahavo anakiroa samifaha, tsy misy zavatra moramora fa tombony ho ahy ny fananana "staff" sy ny mpiara miasa ka na fohy aza ny fotoana, nahafahana mandeha mankany amin'ny tsaratsara sy miabo.

***- Nanambara i Fidy Rasoanaivo mpanazatra ny Club M Maorisy fa hanao CAN 2025 no tanjony. Afaka matoky fa tsy ho latsadanja amin'izany ve ny Barea?***
***Coach Roro***: Fidy Rasoanaivo dia efa naira- nilalao tamiko, efa mazava ny azy dia ny hitondra an'I Maorisy amin'ny CAN 2025. Ny ahy kosa ny fifanarahana nataoko dia ireo lalao roa sy ny Lalaon'ny Nosy2023 ihany. Mety ho resy na hanao ady sahala na handresy isika. Hitantsika eo ny tohiny raha mbola voatendry.

***- Misy namanao atsy Maorisy maniry ny hanaovana lalao ara-pirahalahiana amin'ny CLUB M.***
***Coach Roro***: Azo eritretritra saingy mila hoenti- manana . Azo ampitaina amin'ny DTN sy ny FMF ary ny MJS izany

***- Inona ny tolonkevitra omenao ireo mpilalao ho lasa matihanina?***
***Coach Roro***: Sarotra ny maka tahaka indrindra raha resabola. Ny tsara indrindra dia mila manana fitondrantena tsara , mila manana tanjona ihany koa. Tsy misy fahagagana ny baolina kitra, mila miasa dia manaraka ny fepetra. Ny tanora gasy manana talenta dia mila trandrahana saingy tsy miandry mpitrandraka fa ianao aloha no manomboka azy.

***- Ahoana ny fanomanana ny fihaonana amin'I Angola, mety hisy mpilalao hafa ve?***
***Coach Roro:*** Tanjona ny handresy lahatra ny mpialalao, Ny hahazo mpilalao vaovao hanatevindaharana no faniriana. Isan'izany Lilian, Ludovic Ajorque sy ilay kapitenin'ny Fc Nantes U19. Ao koa I Palmar milalao any amin'ny Fc Bale. Mila fifandresen-dahatra be izany fa tsy vitan'ny antso an-tariby fotsiny ihany, toy ny hoe inona no tombotsoa ary ny andrasan'ny Firenena aminy.



## Sarisary zary tenany

*Mangina !*




## Hatsikana an-tsary

*Firy ? de iza ...*




## Masoandro Miposaka

**Salamo 31 : 7-8**

**Hifaly sy ho ravoravo amin'ny famindram-ponao aho; fa nahita ny fahantrako Hianao, ka nahafantatra ny fahorian'ny fanahiko, ary tsy mba nangeja ahy teo an-tànan'ny fahavalo; fa efa nampitoetra ny tongotro eo amin'ny malalaka Hianao.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Nahoana no ny faty halevina no hadinoina ?**

Comment se fait-il que ce soit le corps à enterrer qui ait été oublié ?

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2983**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | | | | | | 1 | | |
| | | | 8 | 5 | 7 | | | 4 |
| | | | | | 6 | | 3 | |
| | 3 | | | 7 | | | | |
| | | | 3 | | 8 | 5 | 4 | 6 |
| | | | | | 1 | | | |
| | | 4 | | | | | 6 | |
| | | | 2 | 9 | | 8 | | 3 |
| | 8 | 5 | | 1 | | | | |

Valin'ny laharana **2982**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 2 | 5 | 9 | 3 | 1 | 8 | 6 | 4 |
| 3 | 8 | 1 | 7 | 6 | 4 | 2 | 9 | 5 |
| 6 | 9 | 4 | 8 | 2 | 5 | 3 | 1 | 7 |
| 8 | 7 | 9 | 5 | 1 | 2 | 6 | 4 | 3 |
| 5 | 3 | 6 | 4 | 8 | 7 | 9 | 2 | 1 |
| 1 | 4 | 2 | 6 | 9 | 3 | 7 | 5 | 8 |
| 4 | 6 | 3 | 2 | 5 | 8 | 1 | 7 | 9 |
| 2 | 5 | 8 | 1 | 7 | 9 | 4 | 3 | 6 |
| 9 | 1 | 7 | 3 | 4 | 6 | 5 | 8 | 2 |

FIA - Andiany faha-5

# Ho tanterahina ny 21 hatramin'ny 24 septambra 2023

Ho an'ny Malagasy ary manome sehatra ny Malagasy rehetra ny foara iraisampirenena momba ny fambolena, fiompiana ary ny jono izay tanterahina etsy amin'ny Forello Tanjombato ny 21 hatramin'ny 24 septambra 2023 izao. Tanjon'ny mpikarakara izay miara-miasa akaiky amin'ny minisitera mpiahy dia ny minisiteran'ny fambolena, fiompiana ary jono ny hanome sehatra ireo matihanina ampahafantatra ny vokatra sy ny tolotra misy ao




**Harilala Ramanantsoa, manazava ny maha zava-dehibe ity hetsika FIA ity.**

aminy. Hahafahan'ireo mpitsidika mahazo fanampimbaovao momba ireo sehatra telo izay samy manana ny lanjany ireo ihany koa anefa. Nohazavain'i Harilala Ramanantsoa, mpikarakara fa betsaka ny olana sedrain'ireo mpiantsehatra ka miezaka mitondra vahaolana na fanatsarana ny avy ao amin'ny fitondram-panjakana. Etsy ankilan'izany, manomboka miverina tsikelikely sy manome lanja ny tontolo ambanivohitra ny Malagasy noho ny halafon'ny vidin'entana sady mahafantatra fa antoka iray mitondra any amin'ny fampandrosoana ny fambolena, fiompiana ary jono.

Miditra an-tsehatra ny sehatra tsy miankina manentana ny olon-tsotra manam-paniriana hiditra amin'ireo sehatra ireo. Hisy ny fifampizarana traikefa, fizaram-baovao izay tokony ho fantatra avy amin'ny fitondram-panjakana ary indrindra ny lalàna izay tsy fantatry ny ankamaroan'ny Malagasy ny fisiany. Amin'ny maha foara iraisam-pirenena azy ihany koa, misy ireo karazan'olana sedrain'ireo mpanondrana entana ka fotoana hahazoana izay vaovao ilain'ireo mpiantsehatra io indrindra ireo atotan-taratasy sy ny zavatra takiana rehetra.

**Nath**

Kaominina Ambohitrimanjaka

# Ankizy 150 atao didimpoitra maimaimpoana

Tsy avelan'ny fiadidiana ny tananan'Ambohitrimanjaka ny handalo fotsiny izao fanakalazana fetin'ny fahaleovantena izao. Zokiolona manodidina ny 300 no hotolorana fanomezana amin'izany ary hisy ny fanaovana didimpoitra maimaimpoana ho an'ny ankizy manodidina ny 150 sady hotolorana kilalao amin'izao asaramanitra izao araka ny fampanantenan'ny ben'ny tanàna, Randriamanalintsoa Ihajason. Ankoatra izay, hitondra antsam-piderana eny antoerana ihany koa ny antoko mpihira Hasim-piderana ny harivan'ny 26 jona. Raha izay ny fanomanana ny fetimpirenena, dia efa manomana ny fiatrehana ny taompambolena 2023-2024 ihany koa ny kaominina amin'izao. Ao anatin'izany ny fanamboarana ny barazy. Efa miditra amin'ny fanamboarana ny lalana RIP 29 izay tsy nisy fanamboarana nandritra ny efa-taona ihany koa ny kaominina, ary mbola hanaovany antso fanohanana amin'ny fitondram-panjakana na dia ara-pitaovana fotsiny aza.

**Niry R.**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél : 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

D.L.I : 16 148 - 06 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Trondro lafihina anandrano

**Zavatra ilaina :** trondro, anandrano, voatabia, tongolo, menaka, tongolo gasy

**Fikarakarana :** Kikisana, dia diovina tsara ny trondro. Sasana madio ihany koa ny anandrano, atao amin'izay tetika ilana azy. Arotsaka ny menaka, rehefa izany dia alefa ny tongolon'i Egypta sy ny voatabia. Alahatra eo amboniny ny anandrano voatetika. Rehefa izany, alahatra eo ambonin'io ny trondro efa voadio. Araraka eo ambony ny tongolo gasy. Araraka ny sira. Avela ho ritra tsara vao esorina atao laoka.

**MANAMPY ANAO**

**PERMANENCES**

**24 au 30 juin 2023**

**PHARMACIE DE GARDE**

**Périphérie d'ANTANANARIVO**

**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Marie Stopes Madagascar - 30 taona

# Mahatratra 4 tapitrisa ny olona nisitraka fanabeazana aizana

*Raha misy reny 10 maty eo am-piterahana, ny telo amin'ireo adolantsento avokoa.*

Mankalaza ny 30 taona niasana sy nanomezany tolotra fahasalamana ara-pananahana ho an'ny tanora sy vehivavy ary ny lehilahy ny Marie Stopes Madagascar ankehitriny. Tonga nanotrona izany fankalazana izany ny minisitry ny fahasalamana, ny ambasadaoron'i Grande Bretagne ary ireo tomponandraikitra eo anivon'ny MSI. Nandritra izay 30 taona izay, mahatratra 4 tapitrisa eo ho eo ireo ankizivavy, vehivavy ary lehilahy efa nisitraka fanabeazana aizana tao amin'izy ireo ary 12 tapitrisa ny karazana fomba fandrindrampiterahana maoderna efa voazara manerana ny faritra 23. Araka ny fanazavan'ny Dr Lalaina Razafinirinasoa, tomponandraikitra eo anivon'ny MSI: « talohan'ny 1992, zara raha nisy 0,5% ny tanora efa nanao firaisana ara-nofo nampiasa fandrindram-piterahana, ankehitriny anefa, mananika ny 19 isan-jato izany. Miezaka manantona ny olona eny ifotony ihany koa ny Marie Stopes Madagascar amin'ny alalan'ireo MS Ladies mizara ireo fomba fanabeazanaizana maro isan-karazany.» Ankoatran' ny fandrindram-piterahana, misy 20 000 eo ireo vehivavy voatily amin'ny homamiadan' ny vozon'ny tranon-jaza, 40 000 ireo zaza teraka teo amin'ny MSM ary mitohy ny fanofanana ireo sehatra tsy miankina hafa. Nambaran'ny Dr Lovahasina, tale misahana ny fianakaviana eo anivon'ny minisiteran'ny fahasalamana fa raha 5 isanjato ny tahan'ny olona nanao fandrindram-piterahana tamin'ny 1992, efa mananika ny 55 isanjato izany ankehitriny ary fandrindram-piterahana maoderina no ampiasain'izy ireo. Miova ny paikady mba hisorohana ny fitondran'ny ankizy vohoka aloha loatra. Fantatra mantsy fa mbola 36 isanjato ny zaza malagasy mitondra vohoka alohan'ny faha 15 taonany. Izany hoe vao 11 taona dia efa miroso amin'ny firaisana aranofo ny zaza malagasy ka anisan'ny antony nampandaniana ny lalàna hahafahan'ny ankizy 10 taona no miakatra mampiasa PF izany. Ampiroboroboana ny fandrindrampiterahana ho an'ny tanora sy ny adolantsento satria raha misy reny 10 maty eo am-piterahana, ny telo amin'ireo adolantsento avokoa.

**Nath**

FIZALAOTRA

# Nandray ny fitantanana ny filoha vaovao

Nahazo mpitantana vaovao ny FIZALAOTRA (Fikambanan'ny Zanak'Alaotra). Taorian'ny fahavitan'ny fifidianana ny birao vaovao tamin'ny 18 jona lasa teo, dia natao omaly teny Andrefan' Ambohijanahary ny famindram-pitantanana teo amin'ny filoha teo aloha, Ravelojaona Roger, sy ny filoha vaovao, Rabearimanana Zaka Andriamahafaly. *"Hotohizana ny asa efa natomboka ary hohatsaraina ny fomba fiasa. Tsy mivohitra amin'ny sata mifehy ny fikambanana ny tanjona dia ny fanamafisana orina ny fihavanana sy ny fampivondronana ireo mpikambana ary ny fampandrosoana ny lafiny sôsialy. Manao antso avo amin'ny zanaky ny faritra avy amin'ny disatrikan' Amparafaravola sy Ambatondrazaka ary Andilamena ny tenako mba havitrika hiditra antin'ny fikambanana."*, hoy ny filoha vaovao, Rabearimanana Zaka Andriamahafaly. Hankalaza ny faha-45 taonany amin'ny herintaona ny fikambanana koa anisan'ny fanamby lehibe atrehin'ny birao vaovao ny fanetsiketsehana ireo zanaky ny faritra Alaotra eto Antananarivo sy any amin'ny faritra. Natao tamin'io fotoana io koa ny famindram-pitantanana teo amin'ny mpitam-bola teo aloha sy ny mpitam-bola vaovao.




**R. Muray**

# TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

**HUISSIERS**
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Telma

AllianceFrançaise
Antananarivo - Madagascar




# Remerciements

**Fête 2023 Musique**

*Célébrée en grande pompe chaque année par l`Alliance Française d`Antananarivo, la Fête de la Musique a, cette année, animé les rues et la ville d`Andoharanofotsy, de Tanjombato et d`Ivato grâce au Grand Carnaval Mozikara et au concert donné par des artistes de renom.*

*Nous vous donnons rendez-vous à la Fête de la musique 2024*

## Nos remerciements :

A notre partenaire officiel : **Telma Madagascar**
A notre sponsor officiel : **THB**
Aux partenaires du carnaval et du concert :
**Groupe VISEO, Commune Tanjombato, Commune Andoharanofotsy, Commune Ivato, Tady**

**Les artistes :**
Rim Ka, Lion Hill, LJO, DJ Sandix,les étoiles montantes de l` AFT (Kanto, Odon et Ilaina).
Graine de Bitume, DXS Oken, Tambour Gasy, CAM, Vakysôva, MinPop et la Compagnie Rianala.

Les médias et les journalistes

Toute l'équipe de l'Alliance Française d'Antananarivo

Et surtout aux 8.000 personnes qui nous ont accompagnés.

GCL 554/1-1



MVola mampifandray
ny Malagasy !
19-26 Jona
Mandefasa MVola*
Miverina ny Frais de Transfert
Tsindrio ny #111*1*2# na na
Ataovy description : Fety
MIARA-DALANA AMIKO
ISAN'ANDRO
MVola
* Fandefasana MVola : transfert, paiement factures, commerçants et grandes surfaces. Atao description «Fety» na alefa SMS amin'ny 987 ny hoe «Fety». Famerenana ny fitambaran'ny frais ny 27 Jona.
GCL 527/1-1